

DISCIPLE NATIONS ALLIANCE  
MANOLOTRA

*...Mbola misy fanantenana  
ho an'i Afrika*



...Mbola misy fanantenana ho an'i Afrika

Nosoratan'i Darrow L. Miller  
Niaraka tamin'i Scott Allen  
Sy ny African Working Group  
an'ny Samaritan Strategy Africa



...Mbola misy fanantenana ho an'i Afrika  
dia nadika avy tamin'ny  
Against All Hope : Hope for Afrika,  
nosoratan'i Darrow L. Miller niaraka tamin'i Scott Allen  
sy ny Afrika Working Group (SSA)  
Copyright © 2005 an'ny Disciple Nations Alliance

Nadikan' i Nina Alexia Rabeson  
Mpandrindra: Karin Mende, AIM Antsirabe, B.P 237

Ny fitanisana Soratra Masina rehetra, afa-tsy izay misy fanamarihana, dia avy amin'ny Baiboly (dikanteny protestanta) avokoa.

Fanomezan-dalana : Omena alalana sy entanina ianao hanonta sy hizara ity boky ity amin'izay endrika azo atao rehetra, na izany aza, AZA ovaina ny hafatra ao aminy, tsy tokony haka tombony mihoatra ny sandan'ny fanontana azy ianao ary tsy tokony hanao dika mitovy mihoatra ny 1000 isa. Raha hifandray aminay amin'ny alalan'ny mailaka dia misy rohy ho amin'ity boky amin'ny tranokalanay. Izay zavatra rehetra tsy arak'io ambony io dia tsy maintsy mila ny faneken'ny Disciple Nations Alliance mazava.

Iangavianay ianao hanisy ity filazana manaraka ity amin'ny dika mitovy rehetra vokarinao : nosoratan'i Darrow L. Miller niaraka tamin'i Scott Allen  
sy ny Afrika Working Group

Tranokala : [www.disciplenations.org](http://www.disciplenations.org) - Mailaka : [info@disciplenations.org](mailto:info@disciplenations.org)

avy amin'ny firenena rehetra sy hitondrany ny fahamarinana ara-Baiboly eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiarahamonina. Nandritra ny taona naharitra, noferana tao anatin'ireo rindrina efatry ny trano fiangonana ny fahefan'i Kristy. Nefa tsy trano ny fiangonana fa olona. Mian-gona ny fiangonana rehefa Alahady mba hidera sy mba ho ampitaovana ho amin'ny fanompoana. Alatsinainy ka hatramin'ny Asabotsy dia mi-paritaka eny amin'ny tsena sy ireo toerana ifamezivezen'ny olona izy, eo amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiarahamonina, mba haneho an'i Kristy sy hanompo amin'ny maha solotenan'ny Fanjakany azy. Mane-rana izao tontolo izao, taitra amin'ny andraikiny mba hanompo ireo mahantre sy sahirana ny Kristiana, sy mba handresy lahatra ny firenena rehetra ho an'i Kristy ho voninahitr' Andriamanitra.

Raha te hahafantatra bebe kokoa ny amin'ny Samaritan Strategy Africa : The Africa Working Group  
 P.O Box 40360, 00100, Nairobi Kenya  
 Telefaonina : (254) 20-2720037/56, Fax : (254) 20-2714420  
 Mailaka : [dennis.tongoi@cms-africa.org](mailto:dennis.tongoi@cms-africa.org)

Raha te hahafantatra bebe kokoa ny amin'ny Disciple Nations Alliance  
 1110 E. Missouri, Suite 393 Phoenix, AZ 85014  
 Telefaonina : 602-386-4560, Fax : 602-386-4564  
 Mailaka : [info@disciplenations.org](mailto:info@disciplenations.org)  
[www.disciplenations.org](http://www.disciplenations.org)

Raha te hahafantatra bebe kokoa ny amin'ny Samaritan Strategy Africa : The Africa Working Group  
 P.O Box 40360, 00100, Nairobi Kenya  
 Telefaonina : (254) 20-2720037/56, Fax : (254) 20-2714420  
 Mailaka : [dennis.tongoi@cms-africa.org](mailto:dennis.tongoi@cms-africa.org)

Raha te hahafantatra bebe kokoa ny amin'ny Disciple Nations Alliance  
 1110 E. Missouri, Suite 393 Phoenix, AZ 85014  
 Telefaonina : 602-386-4560, Fax : 602-386-4564  
 Mailaka : [info@disciplenations.org](mailto:info@disciplenations.org)  
[www.disciplenations.org](http://www.disciplenations.org)

## Fizahan-takila

Teny mialoha nataon'i Dennis Tongoi .....	3
Fampidirana.....	5
Voatahy i Afrika .....	9
Potika i Afrika.....	30
Ireo fialantsiny.....	41
Ny fototry ny olana.....	52
Na toa tsy misy fanantenana intsony aza—	
ny fampanantenan'Andriamanitra.....	63
Tonga ny fiovana! .....	69
Ny Samaritan Strategy Africa .....	77

## Teny Mialoha

Betsaka ankehitriny ireo tetikasa mifantoka amin'ny fampandrosoana an'i Afrika – Ny Union Africain (UA), ny New Partnership for Africa's Development (NEPAD) ary vao tsy ela izay ny Commission for Africa izay tarihin'ny governemanta Anglisy (Royaume Uni). Ireo rehetra ireo dia mbola ho any an-kibon'ny omby raha tsy fantatra sy ekena ary vahana ny olan'ny fomba fijery Afrikana an'izao tontolo izao. Maro ireo boky tany aloha tany no natao hisarika ny Fianganana hanao ny anjara asany. Tsaroako amin'izany ny bokin'i Profesora Kinoti "Hope for Africa: And what the Christian Can Do?" (Fanantanena ho an'i Afrika : Ary inona no azon'ny Krisitana atao?) sy ny an'i Dr.Adeyemo "Is Africa Cursed?" (Voaozona ve Afrika?) Ilaina ny mandeha mihoatra ny filazana ny olana na ny aretina fotsiny fa tokony lazaina ihany koa izay hitranga noho ireo soritr'aretina. Tsy maintsy ny fiovan'ny fomba fijery izao tontolo izao no mametraka ny fototry ny vahaolana ara-politika sy ara- ekonomika maharitra.

Ny ankamaroan'izao tontolo izao dia efa zatra ny mahare vaovao ratsy avy aty Afrika. Ny hafa, efa very fanantenana ho an'ny kaontinanta. Ity boky ity dia maneho ny fomba hisian'ny fiovana amin'ny alalan'ny fanombohana amin'ny kely. Ny fiovana dia mamaka ary miperitaka manerana ny kaontinanta. Io fiovana io dia miainga avy ao anaty ka mivoaka ety ivelany, ary hatrany amin'ny fakany no miakatra. Na dia eoaza ireo zavatra ivelany toy ny fanjanahantany, ny fivarotana andevo, ny fanatontoloana ny varotra izay mitongilana ka mainka manahirana an'i Afrika, ny tena sakana lehibe an'i Afrika dia hatrao anatiny. Rehefa nahare izany hafatra izany voalohany indrindra aho dia toy ny nanako ao anatiko ao ny hafatra manao hoe tonga ny fotoana. Niditra an-tsehatra tamin'ny hetsika fanaovana mpianatra nandritra ny 20 taona aho ary resy lahatra fa ny maha Kristiana dia tsy maintsy misy zavatra hafa ankoatra ny fiandrasana ny fandehanana ho any an-danitra fotsiny. Ny Vaovao Mahafalin'ny Filazantsara dia tsy maintsy miatomboka amin'ny fiovan'ny tena manokana noho ny fandraisana an'i Jesosy Kristy ho Tompon'ny fiainanao. Nefa Jesosy Kristy dia mihoatra noho izany, tsy Tompon'ny fiainantsika fotsiny ihany Izy fa Tompon'izao rehetra izao koa. Noho izany dia tsy azo iodivirana fa ireo izay an'Azy dia tokony hiaina tahaka ny nataony, mikatsaka ny

## Ny Samaritan Strategy Africa

Ireo tantara ireo dia vokatry ny asan'ny The Samaritan Strategy Africa, iray amin'ireo ministera marobe ampiasain'Andriamanitra hamohazana ny kaontinanta. Ny komity mpandrindra ny Samaritan Strategy Africa dia fantatra amin'ny anarana hoe The Africa Working Group. Io ekipa io dia ahitana olona tsy mitsaha-mitombo isa avy amin'ny kaontinanta iray manontolo.

Ny Samaritan Strategy Africa dia isan'ny hetsika manerantany fantatra amin'ny anarana hoe Disciple Nations Alliance (DNA) izay manana vina ny mba hahita ny fianganana eto amin'izao tontolo izao hanana vina sy fitaovana hiasa amin'ny maha solotena mpanantateraka ny tanjon'Andriamanitra azy, izay mitondra ny fitsipika sy ny fiandrianan'i Kristy eo amin'ny lafim-piainana rehetra sy ny lafimpiarahamonina rehetra. Ireo mpiara-miasa ao amin'ny DNA dia mamporisika ny Fianganana mba hiverina amin'ny fijery marina ny iraka nampanaorina azy, mampitsiry vina vaovao ho an'ny ministera eo antoerana, ary mampahery sy mampitao ny mpino mba hanompo amin'ny lafiny feno (ara-batana sy ara-panahy) eo amin'izao tontolo izao misy azy, tahaka an'i Kristy.

Tanteraka ireo zava-kinendry ireo amin'ny alalan'ny « Sekolin'ny fisainana » izay ahitana fandrosoana sy fanapariahana ireo loharanom-pampianaranana, kaonferansa, fanofanana sy tambazotram-piara-ha-miasa. Azo antoka kokoa ny fahatratrarana ireo tanjona ireo amin'ny alalan'ny Fianganana an-toerana, izay masoivoho voalohany an'Andriamanitra amin'ny fanantantarahany ny tanjony ho amin'ny fanovana ny isambatan'olona, ny fiarahamonina, ny faritra ary ny firenenana.

### Antso ho amin'ny fanavaozana

Taona lasa vao tsy ela izay, nisy rivotry ny Fanahy Masina nitsoka tamin'ny alalan'ny Fianganana maneran-tany. Nisy fanavaozana ny fomba fijery avy amin'ny fahitana indray ireo fitsipika ara-tSoratra Masina sy fijery ara-Baiboly izao tontolo izao izay nitarika ny Reformasiona Eropeana taonjato efatra lasa izay, reformasiona izay nanova tanteraka ny lafiny ara-teolojia, ny ara-politika, ny ara-ekonomika teo amin'ny fiarahamonina. Tahaka ny tamin'izany fotoana izany dia zava-dehibe ireo fitsipika ireo ankehitriny. Fotoana izao hitsangan'ireo Kristiana

ny fanjakana an-toerana antsoina hoe : « Orphan and Vulnerable Children Program » (OVCP- Programa ho an'ny kamboty sy marefo) Rehefa Alatsinainy dia manao asa fanompoana amin'ireo olona mpitsindroka amin'ny dapa-pako ivelan'ny tanàna aho. Nanomboka vondrona fandinihana Baiboly miaraka amina vehivavy efatra teo an-tanandehibe koa aho. An'Andriamanitra anie ny voninahitra rehetra ! (Hein Van-Wyk, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Afrika Atsimo no nitantara ity tantara ity)

### Ministera Samaritana Windhoek

Ny fotokevitra tsindrian'ny Samaritan Strategy dia nanova ny Fiagonana tao Namibia. Tahaka ny fiasan'ny leviora amin'ny paty, no fiatraikan'ireo hevitra ireo amin'ny olona sy ny fiarahamonina.

Fandrosoana iray goavana ny fananganana ny Windhoek Samaritan Ministry, izay manamora ny fidiran'ny fikambanana miisa 104 an-tsehatra amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiarahamonina ao antananan'i Windhoek sy ny manodidina. Anisan'izany fanamorana izany ny fanentanana ny fiagonana eo an-toerana, fanofanana sy fampitavana, fanadihadiana sy fikarohana, fiarahamiasa amin'ny fampandrosoana sy fandrindrana ny « herinandron'ny asa soa .»

Isa-taona, anisan'ny dingana fanentanana ny Fiagonana Namibiana hiditra an-tsehatra amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiarahamonina, dia mikarakara « herinandron'ny asa soa » ny Windhoek Samaritan Ministry, izay hanomezan'ny fiagonana na tsirairay na orinasa na fikambanana ho an'ny mahantara sy ny sahirana eo amin'ny fiarahamonina. Ireo fanomezana azo, hatramin'ny sakafo ka hatramin'ny fanaka sy kilalao dia arindran'ny Windhoek Samaritan Ministry ary tehirizina ao amin'ny foibe fitehirizana mandrapa-mafazana azy sy hizarana azy toy ny voa hanasoavana sy hanohanana ireo fikambanana sy fiagonana miditra an-tsehatra eo amin'ny fiarahamonina. (Hein Van-Wyk, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Afrika Atsimo no nitantara ity tantara ity)

« Tonga aty koa ireo lehilahy namadika (na nanova) izao tontolo izao ireo » Asa 17 :6

hampandroso ny Fanjakan'Andriamanitra, dia ny fitsipiny sy ny fahefany amin'ny lafim-piainan'ny tena manokana sy ny fiainam-bahoaka. Io no Vaovao Mahafaly ho an'i Afrika.

Tanatin'ny taona maro izay nisian'ny Fiagonana teto Afrika izay dia matetika ny fitiavam-bavaky ny tena manokana no naindraindra kokoa noho ny andraikitra ara-tsosialy. Mazàna no nosarahina ny fanaovana ho mpianatra sy ny fampandrosoana – matetika napetraka amin'ny tendrony roa mifanalavitra. Tsy misy fiatraikany amin'ny arapanahy ny fahafantarana ny atao hoe tetikasa fampandrosoana. Ny tanjon'ny iraka lehibe dia ny hanao mpianatra ny firenena rehetra. Ny fanaalahidin'ny fahatanterahan'izany dia ny olona mankatò an'Andriamanitra – mpianatra marina. Ny ifantohan'ny tanjona dia eo amin'ny firenena ihany sy ny fiarahamonina izay ahitana taratra ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny lafiny rehetra. Ny fisian'ny Kristiana eo amin'ny fiarahamonina rehetra dia tokony ho toy ny fiasan'ny sira sy ny jiro, dia fitahiana ho an'ny firenena.

Maro amintsika no manaiky fa raha irery dia tsy hahavita hanenika an'i Afrika amin'izany hafatra miankina aman'aina izany isika, fa raha miaraka kosa dia afaka mahavita betsaka. Ny “African Working Group” dia teraka mba ho ekipana mpanofana manana vina arapolitika, ara-fandraharana ary mpitarika fiagonana. Ankehitriny dia fiagonana mihoatra ny 300 amina firenena 15 ary mpitarika fiagonana mihoatra ny 3000 noefa nijoro vavolombelona ny amin'ny fiantombohan'ny fiovana eo amin'ny fiarahamonin'izy ireo. Ary rehefa mandeha any amina firenena hafa izahay dia mifanena amin'olona betsaka kokoa hatrany resilahatr'ity hafatra ity. Na toa tsy misy fanantenana intsony aza dia... mbola misy fanantenana ho an'i Afrika. Manasa anao aho hiaraka amin'ity asa mamelembelona izay ataon'Andriamanitra eo anivon'ny olony ity.

Dennis Tongoi  
Mpandrindra ny  
African Working Group / Samaritan Strategy

## Fampidirana

Afrika: Kaontinantan'ny fampanantenana

Ataovy sary an-tsaina ange ny fampanantenan'ity kaontinanta ity e!  
Vinavinao ny fiarahamoninao, ny tanànanao, ny firenenao raha toa ny fiangonana ka:

Mifamatotra amin'ny olona eo an-toerana, miara-mizotra amin'ny tsirairay,

mamaly ny filàna ara-batana, ara-panahy sy ara-tsosialy eo amin'ny fiarahamonina.

ary miasa araka ny fijerin'ny Baiboly izao tontolo izao, mitondra ny fahamarinana amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana eo amin'ny fiarahamonina: ny fianakaviana, ny orinasa, ny politika, ny fitsarana, ny asatanana, ny fanabeazana, ny serasera, ny siansa sy ny teknolojia, ny tontolo iainana sy ny fambolena.

Raiso sary an-tsaina toerana iray izay ahitana fiangonana toy izany manao mpianatra ireo izay rehetra namaly ny Filazantsara mba hankato ny zavatra rehetra nandidian'i Kristy. Raiso sary an-tsaina toerana iray izay ahitana an'i Kristy amin'ny alalan'ny Fiangonany, amin'ny ...

Fanasitranany ny ratra lalina indrindra eo amin'ny fiarahamonina.

Fanavotany ny kolotsaina

Famerenany amin'ny laoniny ny hasina nomen'Andriamanitra ary

Fanomezana azy ireo fanantenana sy ho avy.

Manofisa toerana izay Kristy no Tompon'ny fiainana. Izay ahitana:

Fahamarinana isambatan'olona

Fahampiana ara-ekonomika ho an'ny rehetra

Fandriampahalemana ara-tsosialy maharitra

Rariny –na dia ho an'izay faran'ny mahantana indrindra aza.

Fikiro mafy io sary ao an-tsainao io, satria tsy inona io fa vina mahafinaritra ny fihavian'ny Fanjakan'Andriamanitra. Io no ifikiran'ny fon'ny Mpamonjintsika. Ny ahatanteraka izany no nivelo many, na-hafatesany ary hiaianany ankehitriny. Izany no fanantenana lehibe ho an'i Afrika!

noana ny Tenin'Andriamanitra sy fampisehoana ny fitiavany amin'ny fitiavana ireo izay mety namono mihitsy ireo havany aza. (Simon Nizararamakena, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Rwanda no nitantara ity tantara ity)

## Miahy ireo « Faran'izay madinika amin'izy ireo »

Nizara ity tantara manaraka ity i Linda Pretorius avy any Otjiwarongo, Namibia taorian'ny nanatrehany ny Kaonferansa Vina tany Windhoek tamin'ny 2003.

Nahazo fitahiana sy famporisihina betsaka aho noho ilay kaonferansa. Manamarina ny maha zava-dehibe ny Matio 25 :31-46 ilay izy, andalan-tSoratra Masina izay tao am-poko taona maro. Tam'in'ny fotoan'ilay Kaonferansa Vina, ny fidiram-bolako isam-bolana dia avy amin'ny toera-pamokaroko sy ny asako mandritra ny andro. Vokatry ny zavatra nianarako dia nianona tamin'ilay asako miditra amin'ny valo mirava amin'ny dimy aho fa naka fotoana hanatratra ny fiarahamonina misy ahy.

Niditra an-tsehatra amina tetikasa hafa an'ny fiarahamonina koa aho noho ny Kaonferansa Vina. Manatratra ireo ankizy eny amoron-dalana sy tsy misy mpiyahy ireny aho. Nandray anjara tamin'ny fanomboana programa fanomezan-tsakafo niaraka tamina tompona « supermarche » eo an-toerana aho. Ankehitriny dia ankizy 100 no omena sakafio amin'ny fotoana raikitra. Manampy amin'ny soritr'asan-

ny fainany sy ny fianakaviany manokana. Vokatry ny fampianarana momba ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao sy ny ministerra amin'ny lafiny feno tamin'ny kaonferansa, nanomboka nizara izay kely nananany teo anivon'ireo mambran' ny fiangonany ireo mpanatrika. Nitombo ka lasa programa fanohanana fampindramam-bola madinika mampiodina ny fiangonana io tetikasa voa io (miteraka antombola). Ankehitriny dia olona sahirana mihoatra ny 60 avy amin'ny fiangonana sy ny fiarahamonina no nahazo antombola ahafahan'izy ireo mamele-tena sy ny fianakaviany.

Mpindram-bola iray i Tadele, izay 50 taona mahery ary sembana. Talohan'ny nahazoany fampindramam-bola dia tamin'ny alalan'ny fangatahana no niahiany izay ilainy isan'andro. Ankehitriny dia mitantana varotra kely izy ary mampidi-bola ho azy manokana. Fanam-pip'izany, avy amin'ny tombony azony dia mandray anjara amin'ny fanohanana ilay antombola fampindramam-bola izy, mba ahafahan'ny hafa mahazo fahafahana mamele-tena koa. Rehefa anontaniana ny fomba niovan'ny fainany i Tadele dia izao no avaliny : « Tsy misy hakiviana intsony, tsy manahy ny amin'ny hoe hitodika aiza indray mba hahazoana vola. Niverina tamiko ny hasina maha izaho ahy ary miasa ho an'ny tenako aho izao. » (Demelesh Lema, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Etiopia no nitantara ity tantara ity)

### **Mpitsoa-ponenana niverina avy tany Tanzania**

Taorian'ny nanatrehany ny Kaonferansa Vina tany Rwanda tamin'ny 1998, namporisika ny mambran'ny fiangonany ny pasitera iray hanampy ireo mpitsoa-ponenana miverina izay nitsoaka an'ny Rwanda vokatry ny vono-olona miharo habibiana tamin'ny 1994. Nandray tsara ireo olona niverina ireo ny mambran'ny fiangonana, nanampy tamin'ny furenana indray ny tranon'izy ireo, nitondra sakafy sy rano ho azy ireo, ary nanampy ny zanak'izy ireo hiverina an-tsékoly. Gaga tamin'ny ftiavana mahafoy zavatra sy ny fahalalahantanan'ireo mambran'ny fiangonana ireo mpitsoa-ponenana fahiny. Maro tao amin'ny fiangonana no nanana namana na fianakaviana maty tamin'io vono-olona miharo habibiana io – ary azo antoka mihitsy fa nisy tamin'ireo mpitsoa-ponenana niverina ireo no isan'ireo mpamono olona tamin'izany. Na izany aza, ireo Kristiana mahafatra-po ireo dia nampahatsiaro ireto olona miverina ireto fa mivitrana ny fihavanana amin'ny alalan'ny fah-

### **Moa ve voaozona i Afrika?**

Voaozona ve i Afrika? Maro ireo nametraka izany fanontaniana izany. Maro ireo Afrikana no mahatsapa fahaverezam-panantenana sy fahadisoam-panantenana. Toy ny rahona maity mieloelo eo ambonin'ny fahaiza-manaon'ny olona sy ny firenena amin'ity kaontinanta ity izany. Hita taratra izany amin'ny saina donton'ny fahantrana, donton'ny tsy fahamarinana, ny kolikoly, ny ra mandriaka, ny adim-poko, ny faharan'ny fianakaviana, ary amin'ny areti-mifindra fantatra amin'ny ana-rana hoe SIDA. Ireo fiseho ivelany ny fahaverezam-panantenana ireo dia fitaratra maneho ny fahadisoam-panantenana ao anaty izay manamarika ny fomba fisainan'ny olona. Ny hafatra miverimberina ao anaty dia hoe: Mahantra isika ary *tsy misy azontsika atao amin'izany*. Efa toy izany foana hattrizay. *Ary tsy hiova mihitsy izany*.

Izao tontolo izao hatrety ivelany koa vao mainka matetika manindry io fomba fisainana mampalahelo io. “Kaontinanta maizina” no filazan’ny Eropeana mpanjanaka an’i Afrika. Ankehitriny dia “lavaka maity” no iantsoan’ny sasany azy. Raha mandefa vola ho fanampiana any ianao mantsy dia manjavona izany.

### **Voaozona ve i Afrika?**

Hiankina amin'ny fomba fijerinao izao tontolo izao ny famalianao io fanontaniana io.

Ireo izay mihazona ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao dia hahita ny firenena Afrikana ho voatahy na voaozona tsy mihoatra na latsaka amin'ny firenena hafa. Mahatratra ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. “fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina.”(Mat.5:45). Mihoatra noho izany, mahita porofo goavana ny amin'ny “fahasoavan'Andriamanitra iraisana” isika aty Afrika. Voasarona ny fahadisoam-panantenana, na dia mandritra ny fotoana fohy fotsiny aza, amin'ny alalan'ny hehy-dihy, loko, karazana mozika izay betsaka – sy mampiavaka ny Afrika.

Noforonin'Andriamanitra niaraka tamina lamina voarindra izao tontolo izao. Nametraka lalàna ara-fizika Izy hifehy ny tontolo natoraly. Misy ireo lalàna ara-pitondrantena izay mametraka ny fototra ho an'ny fandehanan'ny tena manokana arakan'Andriamanitra sy ny fahamarinana iraisana amin'ny be sy ny maro. Mamaritra ny fetran'ny zavatra

azo tsapain-tanana ny lalàna ara-metafizika. Mametrakà ny tontolon'ny hatsarana ny lalàna ara-estetika. Ho an'ny firenena mahazo sy manaraka ny baikon'Andriamanitra, ny fitahiana dia fiafraikany mandeha ho azy na vokatra natoraly. Rehefa mandika tsy nahy na fanahy iniana ny baikon'Andriamanitra ny firenena dia hizaka fahasimbana ny olony. Hitantsika fa voalaza ao amin'ny Deoteronomia 30:15-19 izany:

Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza, tamin'ny nandidiako anao androany ho tia an'i Jehovah Andriamanitao ka handeha amin'ny lalany ary hitandrina ny didiny sy ny lalany ary ny fitsipiny, mba ho velona hianao ka hihamaro, ary mba hitahian'i Jehovah Andriamanitao anao any amin'ny tany izay efa hidiranao holovana. Fa raha mivily kosa ny fonao, ka tsy mihaino hianao, fa voataona hiankohoka eo anatrehan'izay andriamani-kafa sy hanompo azy, dia lazaiko aminareo anio fa ho ringana tokoa hianareo, ary tsy ho maro andro eo amin'ny tany izay efa hidiranao holovana, rehefa tafita an'i Jordana hianareo. Miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona hianao sy ny taranakao.(Deo.30:15-19)

Io fitsipika io dia marina tsy ho an'ny Israely taloha ihany fa ho an'ny firenena rehetra amin'ny fotoana rehetra koa. Mamorona ny fototry ny fiainana, ny fahafhana, ny fahamarinana ary ny filaminana ara-tsosialy ny lalany. Rehefa arahina ireo dia manaraka ho azy ny fitahiana. Rehefa tsy ankatoavina ireo dia hizaka ny voka-dratsiny ny olona. Ahoana no ahafhana manala izany ozona izany? Rehefa manetry tena sy mivavaka ny olon'Andriamanitra – fa tsy ny firenena iray manontolo akory:

raha ny oloko izay nantsoina tamin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny. (2Tan.7:14)

Ny fiangonana no fanalahidin'ny fiovana ara-tsosialy sy ara-kolotsaina. Manana andraikitra lehibe amin'ny fitarihana ity firenena ity hisaona

## **Mpanompo Sivily avy ao Benin**

Nanatrika ny Kaonferansa Vina tao Cotonou ny anabavy Kristiana izay mpanompo sivily zokiny iray ao amin'ny fanjakan'ny Benin. Nandritra ny kaonferansa dia nianatra izy fa tian'Andriamanitra izy hanome voninahitra sy haja Azy amin'ny lafi-piaiany rehetra – fa tsy amin'ny fiaiany ara-panahy ihany. Nanomboka nisy fiafraikany lehibe teo amin'ny fomba fiasany izany. Lasa nazoto kokoa izy sady ara-potoana kokoa. Fanamby ireo fiovana ireo. Nisedra fanoherana avy tamin'ireo mpiaramisa sy ireo mpiasa teo ambaniny izay zatra ny fomba fiasan'ny kamo izy. Na izany aza, voatsikaritr'ireo lehibeny ny fahazotoany ka tao anatin'ny telo volana dia nasondrotra ho eo amin'ny toeran'ny Ministra Depiote an'ny Indostria sy ny Varotra izy. Ankehitriny dia mitana kabinetra eo amin'ny governemantam-pirenena izy – vehivavy voalohany nihazona io toerana io. Tena velo-pisaorana an'Andriamanitra, sy ny ministera Samaritan Strategy izy, izay araka ny heviny, nampianatra azy ireo foto-kevitra Kristiana azo ampiharina izay fanalahidin'ny fana-renam-pirenena sy fampandrosoana (Chris Ampadu, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Ghana no nitantara ity tantara ity.)

## **Hopitaly Fitsaboana ny Saina ao Ghana**

Nahazo vina ho an'ny anjara asany eo amin'ny fanovana ny fiarahamonna ny Fiangonan'ny Pentekosta New Fadama ao Accra, Ghana ; ka nanapa-kevitra hampijoro izany vina izany tamin'ny alalan'ny fanamboarana ny efitra natokana ho an'ny lehilahy tamina hopitaly fitsaboana ny marary saina ao Accra. Nandany mihoatra ny 15000 U.S. Dolara ny fiangonana tamin'ny fanaka vaovao, ny loko, ny televiziona, sy ireo zavatra hafa ho an'ireo marary ho fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra sy fiahiana ireo izay hadino. (Cris Ampadu, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Ghana no nitantara ity tantara ity)

## **Orinasa madinika ao Etiopia**

Tamin'ny faraparan'ny taona 1990, nisy Kaonferansa Vina natao tamin'ny mambra miisa 2000 tamina Fiangonana Loterana Suedois tao Addis Abeba, Etiopia. Tamin'ny fiafarantany kaonferansa, mpanatrika 250 no nanolo-tena fa hampihatra izay nianarany na dia iray amin'ireo firenena faran'izay mahantra eto an-tany aza i Etiopia, ary maro amin'ireo mambran'ny fiangonana no mitolona amin'ny fahantrana eo amin'

amina efitra 10 metatra toadrao eo ho eo izay fihaonan'ny fiangonana amin'ny fiderana.

Telopolo ny ankizy tonga tamin'ny andro nanokafana ny sekoly. Tao anatin'ny heritaona dia nitombo 313 ny mpianatra niaraka tamin'ny mpiandraikitra enina. Tamin'izany fotoana izany, nitombo avo roa heny ny mambran'ny fiangonana, ny ankabeazany dia noho ny fidiran'ny fiangonana an-tsehatra eo amin'ny fiarahamonina. Ankehitriny, nitombo teo ho eo amin'ny ankizy 450 eo ny sekoly, miaraka amina mpiandraikitra karamaina miisa 20. Mihoatra ny 200 ny mambran'ny fiangonana, miaraka amina fiangonana vaovao efatra any ami 'bidon ville' hafa. Sekoly ambaratonga voalohany telo fanampiny sy sekoly ambaratonga faharoa iray no natomboka, ary tonga eo amin'izany faritra izany ireo mpandraharaoha satria mahita fahafahaha mandraharaoha ny olona. Manomboka hita miseho ny fanovana ara-panahy, ara-panabeazana sy ara-ekonomika.

### **Joe Cotton**

Pasitera Kenyana iray, taorian'ny nanatrehany ny Kaonferansa Vina no nahita fa maro ireo olona eo amin'ny fiarahamonina misy azy no miaina anaty fahantrana eo amin'ny faritra izay natanjaka tamin'ny famokarana vovondandihazo taloha. Nialany ny asany tany antanan-dehibe ary nanangana vondrona vehivavy mpitondratena izy (ny ankamaroany dia maty noho ny SIDA ny vadiny) ka nanomboka namboly landihazo. Efa-taona taty aoriana, mamsy voan-dandihazo ny fanjakana ireo vehivavy ireo ary nahazo toerana ao amin'ny biraon'ny mpanolotsainam-panjakana ho an'ny fanapariahana ny famokarana ny vovondandihazo ao Kenya i Pasitera Joe. Nanangana sekoly ho ana mpianatra 300 ny fiangonany, tetikasa fiompiana akoho, lava-drano ho an'ny fiarahamonina, sy tetikasa fitotoam-bary – izany rehetra izany dia satria nahazo vina vaovao ny amin'ny loharanon-karena nomen'Andriamanitra teo amin'ny fiarahamonina nisy azy sy ny anjara asa lehiben'ny fiangonana an-toerana eo amin'ny fanovana ny fiarahamonina i Pasitera Joe. (Dennis Tongoi, solotenan'ny Samaritan Strategy Africa avy any Kenya no nitantara ity tantara ity)

noho ny fahotany izy. Raha manao izany izy ireo dia mampantanena Andriamanitra fa hihaino ny tomaniny sy hanasitrana ny taniny. Ankehitriny dia manetsika ny fon'ny mpino manerana an'i Afrika Andriamanitra. Misy tomany lehibe manomboka miakatra mankany amin'ny sezafiandrianan'ny fahasoavana. Tonga ny fanasitrana! Misy fanantenana vaovao manomboka mitsiry eo anivon'ny fahaverezam-panantenana sy fahadisoam-panantenana. ....Mbola misy fanantenana ho an'i Afrika – fanantenana izay hita ao amin'ireo pejin'ny Soratra Masina sy ny fomba fijerin'ny Baiboly izao tontolo izao. Marina dia marina tokoa fa raha mifototra amin'ny fomba fijerin'ny Baiboly izao tontolo izao ireo firenena Afrikana amin'ny lafim-piaianana rehetra sy eo amin'ny fiarahamonina dia izy no ho lohany eo amin'izao tontolo izao.

Ao amin'ireto pejy manaraka ireto dia handinika ny fomba hitahian'Andriamanitra ny kaontinantany Afrika isika. Avy eo dia hivadika amina zavatra roa toa mifanohitra isika: Nahoana, raha i Afrika tokoa no kaontinanta faran'izay manankarena indrindra eto an-tany amin'ny lafiny ara-loharanon-karena natoraly, no izy koa no faran'izay mahantre indrindra? Inona no fototra ao ambadik'io olana saro-bahana io? Farany, hijery ireo fampanantenan'Andriamanitra hita ao amin'ny Teniny isika, izay hiankinan'ny fanasitrana sy fiovan'ny Afrika. Mivavaka izahay mba hahazo fijery sy fanantenana vaovao ianareo amin'izay manaraka eto.

## Voatahy i Afrika!

Na dia eo aza ny faharavany sy ny fahakiviany, i Afrika dia kaontinanta ahitana harena betsaka tsy hita pesipesenina. Mihoatra noho ireo tany hafa eto amin'izao tontolo izao dia miavaka ny fitahiana azon'i Afrika. Amin'ity fizarana ity dia hijery ireo fitahiana an'i Afrika amin'ny lafiny efatra isika: (1) ireo loharanon-kareny natoraly, (2) ny tantarant'ny fandraisany anjara amin'ny planim-panavotan'Andriamanitra, (3) ny haren'ireo vahoakany, (4) ny fitomboana mahatalanjona ny fiangonana manerana ny kaontinanta nandritra ny taonjato farany.

### Loharanon-karena natoraly

Inoanao ve...? Alohan'ny hamakiana lavidavitra kokoa, hevero ny fiatraikan'ity saritany ity. Inona no asehon'izany ny amin'ny haren'ny kaontinanta Afrikana? Soraty ao anaty mahitsizoro etsy ambany ny hevitao.

Fampitahanana ny velarantanin'i Afrika



fiarahamonina ny fiangonana dia misy zavatra tsy mety ao. Izany indrindra no andrasan'Andriamanitra amin' ny fiangonany.

Rehefa manatratra ireo fiarahamoniny amin'ny lafiny rehetra, mamaly ny filàna ara-panahy sy ny ara-batana, ara-tsosialy sy arapietsehampo ny fiangonana dia mandaitra kokoa ny ezaka fitoriana ny filazantsaran'izy ireo. Tena marina izany ho an'ny Fiangonana Kampa-la Pentecostal. Manaja sy mahatoky ny fiangonana ny fiarahamonina. Rehefa manao fampisehoana manokana ny fiangonana ka manasa ny fiarahamonina dia tonga ny olona. Tamin'ny taona 2003, nampiseho ilay teatra « Heaven's Gate and Hell's Falmes » (Vavahadin'ny Lanitra sy Lelafon'ny Helo) ny fiangonana, naseho inefatra isan'andro nandritra ny valo andro nisesy izany. Nahazaka mpanatrika 2000 ny fampisehoana tsirairay. Nasiana antso isaky ny fiafarany'ny fampisehoana, olona mihoatra ny 8000 no niroso teny aloha mba haneho fa te ho tonga mpianatr'i Jesosy izy ireo.

### Sekoly ao Kagishu

« Kagishu » dia teny swahili izay midika hoe « antsy. » ‘Bidon ville’ iray ao Nairobi, Kenya – antsoina toy izany satria mampidi-doza ny mankao rehefa latsaka ny alina. Tamin'ny 1998, nandefa tovolahy antsoina hoe Meshack tany amin'ny Kaonferansa Vina ny fiangonana isiana olona 20 tao amin'io fokotany mahantre io. Tamin'ny fiverenany, nilaza tamin'ny pasiterany i Meshak fa tsy manompo an'Andriamanitra amin'ny fomba itiavan'Andriamanitra azy ny fiangonana. Araka ny ampiarin'ny Isaia 58. Tsy mampiseho ny fiantran'Andriamanitra amin'ireo anaty filàna ny olona ao amin'ny fiangonana. Nanentana ny pasitera izy hanangana ministera mahakasika ny lafiny rehetra mahao-lombelona eo amin'ny fiarahamonina.

Nanontany tena ilay pasitera hoe ahoana no ahafahan'ny fiangonana mamaly ny filan'ny hafa raha ny mambrany aza mahantre be tokoa. Taorian'ny firesahana sy fivavahana, nanao planina hampianatra ireo ankizy eo amin'ny fokotany izay manana ray aman-dreny tsy manana fahafahana mampiana-janaka ireo mpitarika eo amin'ny fiangonana. Tsy nisy mpampianatra voahofana teo anivor'izy ireo. Na izany aza, ny pasitera, ny vadiny ary Meshak dia nanapa-kevitra ny hamopianatra – tsy misy karama. Nanao fanadihadina izy ireo hamantaranana ny zavatra ilain'ny fiarahamonina ary avy eo dia nanokatra sekoly teo

hoy i Pastora Skinner. « Tsy olan'ny fanjakana ireo. Tsy afaka mamaha ny olana ny fanjakana satria- na dia mety manana vola kely aza izy – dia tsy misy fitiavana. Tsy mamaha ny olana ny vola. Ny fitiavana kosa dia mamaha. Koa raha ny fanjakana no manao izany dia tsy hahazo voninahitra Andriamanitra. Fa raha ny fiangonana no manao izany amim-pitiavana dia mahazo voninahitra Andriamanitra.

« Rehefa mahita olana ireo mambran'ny vondrom-bavaka dia raisiny an-tanana izany, ary miditra an-tsehatra izy ireo eo amin'ny fiarahanonina. Na inona na inona olan'ny fiarahanonina, dia ireo no olana anaovanay ny tetikasa voa. Amboarinay sy diovinay ny lavadrano mba hadio indray ny rano fisotro. Soloinay ny tafon'ireo olona sahirana – amin'ireny tafo mitete fatratra ireny mantsy dia lena sy mangatsiaka ary marary ny olona. Manome sakafy ny zaza kamboty izahay. Mihy kamboty miisa 1200 izahay. Ny antsasak'ireo dia mipetraka anaty trano namboarinay. »

Iray amin'ireo zavatra nasaina ataon'ny mambran'ny vondrombavaky ny Fiangonana Kampala Pentecostal dia ny mandray an-tanana fianakaviana iray manana SIDA, izay olana lehibe any Ouganda. Mitsidika tokatrano izy ireo, mamihina ny marary sy mipetraka eo amin'ny fandrian'izy ireo. Saika ny mararin'ny SIDA tsirairay dia tonga amin'ny finoana an'i Kristy avokoa. Rehefa marary loatra ka tsy afaka mivoaka ny trano ilay olona, mihaona ao an-tranony ny vondrombavaka. Miezaka izy ireo ny mitady fanafody ho azy ireny. Rehefa maty ilay marary, raha fety fisotroan-taoka no matetika fanaon'ny olona, ny vondrom-bavaka kosa manao fanompoam-pivavahana fiderana miraka amin'ny fianakaviana. Maro ireo mambran'ny fianakaviana no tonga amin'ny finoana an'i Kristy satria niaina ny fitiavan'i Kristy.

Raiso an-tsaina ny fiatrainan'ny fahatraran'ireo vondrombavaka miisa 900 ireo fanahy miisa 1800 isan-taona eo amin'ny tananan'i Kampala. Mahatsikaritra izany ireo fiarahanonina ao anatin'ny tananan'i Kampala. Na dia ny fanjakana aza mahita ny zava-miseho. Tsy ela izay, dia nantsoina ho iray amin'ireo fikambanana folo faran'izay matanjaka amin'ny fiadiana amin'ny SIDA eo amin'ny firenena ny Fiangonana Kampala Pentecostal.

Tokony mba ho marina amin'ny fiangonana tsirairay ao Afrika ny fijoroana vavolombelona toy izao. Raha tsy hitan'ny fiarahanonina an-toerana iray fa tena zava-dehibe ho an' ny fahasalamana ny

Fisaintsainana:

Kaontinanta faharoa faran'izay lehibe indrindra eto an-tany i Afrika – faharoa manaraka an'i Asia. Maharakotra 30.212.000 km<sup>2</sup> ny velarany, izay 22,3%ny tontalin'ny tany eto an-tany. Ny efitr'i Sahara no efitra lehibe indrindra, ary mandrakotra ny 1/3ny velaran'i Afrika izy, izay faritra mitovitovy habe amin'ny Etazonia. Voatahy eo amin'ny habeny i Afrika. Lehibe noho ny fitambaran'ny velaran-tanin'i China, India, Eropa Avaratra, Argentina, Nouvelle Zealand, ary Etazonia izy.

Fonenan'ny olona mahery ny 874 tapitrisa, na eo amin'ny 14%ny mponina maneran-tany eo i Afrika. Saintsaino kely mandritra ny fotoana fohy ange izany e! Ny 14%ny mponina eran-tany dia mipetraka amin'ny 22%ny velaran-tany maneran-tany. Ny fitambaran'ny mponin'i China, India, Eropa, Argentina, Nouvelle Zealand ary Etazonia dia eo amin'ny 3.3 lavitrisa eo ho eo na 54%ny mponina maneran-tany. Raha mipetraka amin'ny tany mitovy amin'ny haben'i Afrika io 45%ny olona maneran-tany io, inona no ambaran'izany aminao momba ny kaontinanta Afrikana? Soraty amin'ny mahitsizoro etsy ambanay ny hevitrao.

Fisaintsainana:

Kaontinanta faran'izay manankarena i Afrika amin'ny lafiny loharanon-karena natoraly. Nilaza i Chika Onyeany, tamin'ny lahatsoratra tamin'ny African Sun Times hoe: "Mitohy hatrany ny fanaratsiana an'i Afrika ho kaontinanta faran'izay mahantra indrindra eto an-tany, nefy amin'ny lafiny loharanon-karena natoraly dia izy no kaontinanta faran'izay manankarena indrindra". Mitovitovy amin'izay, i Dr.Walter Williams, Profesora amin'ny Ekonomia ao amin'ny George Mason University dia nanoratra hoe: "Amin'ny lafin'ny loharanon-karena dia

Afrika no kaontinanta faran'izay manankarena indrindra.”

#### *Fambolena*

Voalaza fa Zambie, Zimbabwe ary ny Repoblika Demokratikan'i Congo dia manana fahafahana ara-pambolena hamahanana ny kaontinanta iray manontolo. Ny fambolena, ny fiompiana, ny asan'ny tant-saha sy ny fivarotana ny vokatra dia manamarika ny tanin'i Afrika. Manana fahafahana tsy ny hamahana fotsiny ihany ny vahoakany i Afrika fa afaka manondrana sakafo ho an'ny firenena hafa ihany koa izy. Manana fahafahana ho tonga iray amin'ireo sompi-tsakafon'izao tontolo izao izy. Na izany aza dia tsy mbola voatrandraka izany loharanon-karena midadasika izany. An'hetsiny ireo velaran-tany azo volena tsy mbola nasaina izay manaporofo ny tsy fitrandrahana ireo fahafahan'ny kaontinanta ireo.

#### *Rano*

Fonenan'ny sasany amin'ireo renirano lehibe indrindra eto an-tany i Afrika- Ny Neily, Congo, Niger sy Zambezi raha hanonona vitsivitsy. Ny Neily, renirano lava indrindra eto amin'izao tontolo izao, dia mandrakotra ny 10%ny kaontinanta. Antsoin'ny sasany hoe tadimpotran'ny kaontinanta izy. Ny firenena sasany dia sahirana satria voadidina firenena hafa, nefo ny ankamaroan'ny firenena Afrikana dia manana fahafahana amin'ny ranomasina. Arak'i Dr.Adeyemo Tokun-boh, “Raha afaka manisy barazy ireo renirano lehibe i Afrika dia hisy rano ampy hambolena any amin'ireo faritra voan'ny hain-tany indrindra.”

#### **Tonga ny fanovana!**

Tena nahay nahatsikaritra i Margaret Mead Antropolijistra iray rehefa nilaza izy hoe : « Aza isalasalana mihitsy ny hoe vondron' olom-pirenena vitsivitsy iray misaina dia afaka manova izao tontolo izao. Mi-fanohitra aza, izany no zavatra mpitranga. Tonga ny fanovana rehefa ny isam-batanolona, ny fiangonana iray, ny fiarahamonina iray no resy lahatra tanteraka. Ary dia manomboka ny fanovana ! Ireto misy tantara izay maneho ireo vokatra voalohany an'ireo izay efa resy lahatra.

#### **Fiangonana Kampala Pentecostal**

Ny Fiangonana Kampala Pentecostal ao Ouganda dia modely ny amin'-ny fitondran'ny asa fanompoan'ny fiangonana eo amin'ny fiarahamonina fanovana. Amin'izao fotoana izao dia mihoatra ny 12000 ny mambran'ny fiangonana ary misy vondrom-bavaka 900.

Tamin'ny taona 2000, antsasaky ny isany ankehitriny ny mambran'ny fiangonana. Tamin'izany fotoana izany dia nanatrika Kaonferansa Vina Disciple Nations Alliance (DNA) ireo mpitarika ny fiangonana. Ireo kaonferansa ireo dia manaparitaka vina ho an'ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao sy ministera mahakasika ny lafiny rehetra amin'ny olona na ministera amin'ny lafiny feno. Ampianarina isaky ny kaonferansa ny foto-kevity ny « seed projects » (tetikasa voa ). Ny tetikasa voa dia ezaka ny amin'ny ministera madinika amin'-ny lafiny feno izay maneho ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny fiarahamonina. Ireo fiezahana madinika ireo dia tanterahina amin'ny loharanon-karena eo an-toerana, anatin'ny vavaka, ary tarihin'ny Fanahy Masina. Matetika ny tetikasa voa dia miteraka tetikasa lehibe kokoa izay tohiny.

Nampitsirian'ny Fanahy Masina hetaheta tao anatin'ireo mpitarika ny Fiangonana Kampala Pentecostal mba hanatratra ny tana-nany amin'ny alalan'ny fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra. Nampi-tao sy namporisika ny olony ny Pasitera zokiny, Garry Skinner, mba hanangana tetikasa voa. Nasainy nanao tetikasa voa fara-fahakeliny roa isan-taona ny vondrom-bavaka tsirairay. Nampianariny hijery ny fiarahamonina, hamantatra ny filàna misy sy handray an-tanana izay mety ho olana ny mpitarika sy ireo mambra ny vondrom-bavaka tsirairay.

« Ny olana dia tsy olan'ny fiarahamonina – fa olantsika !»

mamaky bebe kokoa ny amin'ny fijoroana vavolombelon' Andriamanitra izy ireo, ka ny Hebreo 6 :13-18 no tsara hanombohana izany.

Fa Andriamanitra nanao teny fikasana tamin'i Abrahama, ary satria tsy nisy lehibe noho ny tenany izay azony nianianana, dia nianiana tamin'ny tenany Izy ka nanao hoe: "Hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro anao" Araka izany, rehefa naharitra tsara Abrahama, dia nahazo ny teny fikasana. Fa ny olona dia mianiana amin'izay lehibe noho ny tenany; ary ny fianianana dia ataony mba hamafy ny teny hampitsahatra ny fifandirana rehetra. Ary amin'izany, raha Andriamanitra ta-haneho kokoa amin'ny mpandova araka ny teny fikasana ny tsi-fiovan'ny sitrapony, dia nataony mafy tamin'ny fianianana izany, mba ho zavatra roa loha tsy mety miova, izay tsy hain'Andriamanitra andaingana, no hahazoantsika famporisihana mafy, dia isika izay nandositra hihazona ny fanantenana napetraka eo anoloantsika, (Heb.6 :13,18)

Nasehon'ny mpanoratra ny Hebreo fa nampanantena an'i Abrahama Andriamanitra, ary ho fanampin'izany dia nanao fianianana Izy (and.17). Nahoana no nanao fianianana Andriamanitra ho fanampin'ny teny fikasany nefà ny Teniny dia efa azo itokiana ? Maneho ny antony ny andininy 16. Tiani hazava amin'ireo handova ilay fampanantena ny natiora tsy miova ny tanjony. Hanao tokoa izay nampanantenainy Izy – ary nampanantena izy fa hotahiana ny firenena rehetra amin'ny alalan'ireo mpandova ny teny fikasana, ny Fiagonana. Ankoatrizay, nataony izany mba hampahery indrindra antsika (and.18). Tiani' Andriamanitra ho ampaherezina indrindra ireo firenen'i Afrika. Ho tonga ny fiovana vokatry ny fahatokiana feno io fampanantena io.

Afrika ! Ry Afrika. Tsy voaozona ianao. Voatahy ianao. Voatahy mi-hoatra ny kaontinanta tsirairay eto an-tany ianao. Notahiana amin'ny loharanon-karena natoraly ianao, notahiana amin'ny lova mahagagan'ny filazantsara, ary notahiana amin'ireo mponinao tsara tarehy sy manantsaina izay natao araka ny endrik' Andriamanitra ianao. Ambonin'izany rehetra izany, notahiana amin'ny teny fampanantena ianao – dia ny fampanantenan' Andriamanitra an' i Abrahama fa amin'ny alalan'ny fiagonana, no hitahiana ny firenena rehetra. Nefà ho tonga amin'izao taranaka izao ve ny fahafenoan'io fampanantena io ? Raha tsy amin'izao taranaka izao dia ho tonga izany rehefa misy taranaka vaovao resy lahatra tanteraka.

## Ireo renirano sy farihy lehibe an'i Afrika



### Harena ankibon'ny tany

Ny ankamaroan'ny harena ankibon'ny tany fantatra maneran-tany dia misy ao Afrika – ary mazàna be dia be. Maro ireo firenena Afrikana no lohalaharana amin'ny famatsiana harena ankibon'ny tany manokana amin'ny tsena iraisam-pirenena.

Ahitana ny 90%ny 'cobalt' eto amin'izao tontolo izao ny Repoblika Demokratikan'i Congo, sy 85%ny 'platine'. Sierra Leone dia manana ny 'titanium' betsaka indrindra. Ireo lavabato fitrandrahana Afrikana no mamokatra ny ankamaroan'ny diamondra eto amin'izao tontolo izao, 3/4n'ny volamena sy 1/5n'ny 'cuivre' maneran-tany. Toerana lehibe indrindra fitobian'ny 'Columbite -Tantalite' ampiasaina amin'ny farnboarana irony teknolojia moderna irony tahaka ny finday, ordinatera, ny any amin'ny Repoblika Demokratikan'i Congo. Toy izany ihany, Congo dia manana ny 'radium' betsaka indrindra izay ampiasaina amin'ny fitsaboana ny homamiadana.

## *Angovo*

Manana fahafahana amin'ny angovo tsy voafetra i Afrika. Manana ny 40%ny fahafahana amin'ny herinaratra avy amin'ny rano maneran-tany izy ary itoera ny 7,4%ny solika maneran-tany- ambony noho ny tobin-tsolkyl ny Amerika Avaratra, Eropa, Rosia sy Asia-Pasifika. Lybie, Nigeria ary Angola dia anisan'ireo mpamokatra solika folo voalohany eto amin'izao tontolo izao. Manana ny tobin'ny 7,6%ny entona natoraly sy 5,6%ny saribao maneran-tany ny kaontinanta. Momba ny fahafahana araka ny herin'ny masoandron'i Afrika, dia nanoratra i Dr.Adeyemo hoe: "Ny efitr'i Sahara irery dia mandrakotra faritra eo amin'ny 9.065.000 kilometatra eo arak'angovo, izay [fahafahana mamokatra] mihoatra noho ny filàna angovon'i Afrika amin'ny herinaratra isan-tokatrano".

## *Lalàna natoraly*

Ireo lalàna natoraly dia notendren'Andriamanitra mba handrafitra ny kôsmôsy ho fomba hamehezana ny tontolo fizika, toy ny lalàny fianjerana (loi de gravité). Azontsika an-tsaina ireo lalàna ireo ao amin'ny Genesisy 1:14-18:

Ary Andriamanitra nanao hoe: Misia fahazavana eny amin'ny habakabaky ny lanitra hampisaraka ny andro sy ny alina; ary aoka ho famantarana sy ho fotoana ary ho andro sy taona ireo. Ary aoka ho fanazavana eny amin'ny habakabaky ny lanitra izy hanazava eny ambonin'ny tany; dia nisy izany. Ary Andriamanitra nanao ny fanazavana roa lehibe, dia ny fanazavana lehibe ho mpanapaka ny andro ary ny fanazavana kely ho mpanapaka ny alina sy ny kintana. Ary Andriamanitra nametraka azy teny amin'ny habakabaky ny lanitra hanazava eny ambonin'ny tany, sy ho mpanapaka ny andro sy ny alina, ary hampisaraka ny mazava sy ny maizina. Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany. (Gen.1:14-18)

Nomen'Andriamanitra tombony sy andraikitra amin'ny fanompoana amin'ny maha mpitantana lefitra azy ny lehilahy sy ny vehivavy – amin'ny fitantanana eo amin'ny toerany (Gen.1:26-28). Ireo lalàna natoraly ireo dia manampy ny olona amin'ny fampivoarana ny zavaboary. Rehefa fatantsika ireo lalàna ireo amin'ny alalan'ny siansa dia afaka ampiaintsika amin'ny famoronana fitaovana na kojakoja ara-

fanantenana. Misy lesona lehibe azo ianarana avy amin'ny tantaran'i Abrahama sy Saraha. Miboiboika avy amin'ilay Andriamanitra Tsitoha ny fanantenana fa tsy avy amin'ny ezaky ny olombelona. Izy no nampanantena fa amin'ny alalan'i Abrahama no hitahiana ireo olondrehetra eto an-tany. Tahaka ny nihazonany ny teniny tamin'i Abrahama, ho marina amin'ny fampanantenany Izy, hitahy ny firenena rehetra Izy- anisan'izany ireo firenen'i Afrika.

Zava-dehibe koa ny manaiky fa tsy avy amin'ny Firenena Mikambana na avy amin'ny fanampiana vahiny no hiavian'io fitahiana io. Avy amin'ny fiangonana no hiavian'izy io ! Nampanantena Andriamanitra fa hitahy ny firenena rehetra amin'ny alalan'ny taranak'i Abrahama. Araka ny nanaovan'i Paoly azy mazava tsara, ireo taranak'i Abrahama dia tsy ireo avy amin'ny ra voalohany indrindra. Ny taranany dia ireo manana ny finoana iraisana an' Andriamanitra izay hananany. Ao amin'ny Genesisy 15 :6 no amakiantsika ireto teny mahavarana ireto : «Ary nino an'i Jehovah izy; ka dia nisainy ho fahamarinany izany. » Nanoratra tamin'ireo Kristiana Jentilisa izay taranaka maro nifandimby taty aorianea teo amin'ireo fiangonana vao niforona i Paoly, nazava ny endrika fenon'izay zavatra asehon'ireo teny fahiny ireo :

Nefa tsy ho azy ihany no nanoratana fa nisaina ho azy izany, fa ho antsika izay hanisana izany koa, dia isika izay mino Ilay nanangana an'i Jesosy Tompontsika tamin'ny maty, (Rom.4 :23,24)

Sy

Araka ny voasoratra hoe: "Nataoko ho rain'ny firenena maro hianao"-teo anatrehan' Izay ninoany, dia Andriamanitra Izay mamelona ny maty sy miantso ny tsy misy toy ny misy. (Rom.4 :17)

Marina amin'ny Teniny Andriamanitra. Hitahy ireo firenen'i Afrika araka ny nampanantenainy Izy, ary hanao izany amin'ny alalan'ny taranak'i Abrahama – izany hoe, amin'ny alalan'ireo izay manana ny finoana tsy azo hozongozonina amin'ilay Andriamanitr'i Abrahama.

Ny fanontaniana dia izao : Moa ve resy lahatra tanteraka ny Fiangonana aty Afrika fa manana ny hery hanao izay rehetra nampanantenainy Andriamanitra ? Moa ve mino marina ny Fiangonana aty Afrika fa afaka mitahy ireo firenen'i Afrika rehetra Andriamanitra ? Raha tsy mbola resy lahatra tanteraka ireo zanakalahy sy zanakavin'i Afrika dia mila

dimby azy. (Gen.17 :15-19)

Heritaona taty aoriana - 25taona taorian'ny nanaovan'Andriamanitra voalohany ny fampantanenany - dia tanteraka izany. Niova ho fifaliana ny eso, niova ho fahitana ny finoana. Niova ho reny mampinono i Saraha izay vehivavy momba. Teraka i Isaka ary avy amin'ny alalany no nananganan'Andriamanitra ny firenenan'i Israely – ary avy amin'ny Israely no nahaterahan'i Jesosy Kristy, ilay Mpamony izao tontolo izao. Mitohy hatramin'izao andro izao ny fampantanen'Andriamanitra hitahy ny firenena rehetra amin'ny alalan'i Abraham.

### Nino tao anatin'ny fanantenana i Abraham

Eo amin'ny toerana tsy isian'ny zavatra antenaina no mitsiry ny fanantenana. «Ary na dia efa tsy nisy nanatenana aza, dia nanatena ihany izy ka nino, mba ho rain'ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: "Ho taha-ka izany ny taranakao" (Rom.4 :18). Teo amina toe-javatra tsy misy antenaina no nanana fanantenana i Abraham – fanantenana, tsy amin'ny tranga mety hiseho na amin'ny fahaizany, fa amin'ilay Tokana izay nanao ny teny fampantanenana. Ilay Tokana nanao an'i Saraha ho afaka hitondra aina ao anatin'ny kibony maty. Araka ny fampahatsiarovan-'Andriamanitra an'i Abraham nandritra ireo taona nisalasalany, «Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va? » (Gen.18 :14). Hoy i Paoly amintsika momba an'i Abraham : «ary tsy niahahanhana ny amin'ny teny fikasan' Andriamanitra tamin'ny tsi-finoana izy, fa nampaherezin'ny finoana ka nanome voninahitra an'Andriamanitra » (Rom.4 :20). Na dia teo aza ny toa tsy maha-mitombona ilay fampantanenana, nifantoka tamin'ny zava-misy marina mivelatra kokoa i Abraham – dia ny persona, ny natiorany sy ny maha mahatoky an'Andriamanitra. Na dia teo aza ny tsy fisian'ny fanantenana dia « natoky indrindra » izy « fa izay nolazainy dia hainy hatao koa. » (Rom.4 :21). Nanome voninahitra an'Andriamanitra izy ny amin'izay zavatra azon-'Andriamanitra atao sy izay hataony. Na toy ny tsy nisy nantenaina intsony aza, nino i Abraham, fa hanome azy zanakalahy tahaka ny efa nampanantenainy Andriamanitra.

### Aoka hahery tokoa ianao ry zanakalahy sy zanakavavin'i Afrika !

Mitovitovy amin'izany, ao anatina toe-java-misy toy ny tsy misy antenaina intsony ireo zanakalahy sy zanakavavin'i Afrika. Nefa misy ny

teknika amin'ny fanjakantsika amin'ny zavaboary. Ireo lalàna natoraly ireo dia azon'ny Afrikana ampiasaina amin'ny fampandrosoana ny fireneny.

### *Hatsarana natoraly*

Hatramin'ireo efitra ngazana any avaratra ka hatramin'ny ala tropikalny any atsimo sy ireo karazan-javamaniry sy biby maro samihafa, ary ny morontsiraka tsara tarehy dia itoeran'ny hatsarana natoraly midadasika i Afrika. Raiso sary an-tsaina ny fifindran-toeran'ireo bibidia tsy hita isa na ny tontolo mahatalanjon'ireo akorandiaka ambany rano ao amin'ny Ranomasina Indiana. Ny hatsarana natoralin'i Afrika dia manaporofo ny voninahitr'ilay Mpamorona sy ny fitahiany mahagaga nomeny an'i Afrika. Raha nilamina kokoa sy tsy dia nahantra loatra i Afrika, an'hetsiny ireo mpizahatany manerana izao tontolo izao no hifandrombaka hankany amin'ny tora-pasiny hianoka amin'ny hatsarany tsy roa aman-tany.

### Lova Sarobidy


Ny faritra Afovoany Atsinana sy i Afrika no ivon'ny fahaterahan'ny finoana Judeo-Kristianisma – tsy Eropa na Amerika Avaratra tsy akory. Andeha ho jerentsika ireo andininy miresaka an'i Afrika hita ao amin'ny Soratra Masina. Ny Sahan'i Edena dia ahitana renirano efatra:

Ary nisy ony nivoaka avy tao Edena handena ny saha; hatreto izy dia nizara ka nisampana efatra: Ny anaran'ny voalohany dia Pisona; io no mandeha manodidina ny tany Havila rehetra, izay misy ny volamena; ary tsara ny volamena amin'izany tany izany; any ny bedola sy ny vato beryla. Ary ny anaran'ny ony faharoa dia Gihona; io no mandeha manodidina ny tany Kosy rehetra. Ary ny anaran'ny ony fahatelo dia Hidekela; io no mandeha tandrifin'i Asyria. Ary ny ony fahefatra dia Eofrata. (Gen.2:10-14)

Ny roa amin'ireo renirano voalaza ao amin'io andininy io, Pisona sy Gihona, dia voalaza fa aty Afrika (ary ireo roa hafa kosa dia Irak ankehitriny). Gihona dia lazain'ny ankamaroan'ny mpandinika ny Baiboly fa ny renirano Neily izay mikoriana mamakivaky ny avaratra – atsinanan'i Afrika. (indrindra Egypta sy Soudan ankehitriny) ary ny loharano ipoiran'izy ireo dia ao Ouganda, ivon'i Afrika. Ny tena toer-

ana misy an'i Pisona dia tsy mbola itovizan'ireo arkeolojistra moderna hevitra, fa iray amin'ireo foto-kevitra dia milaza fa akaikin'ny Neily ambony no misy azy.

## Reniranon'i Edena



Ny fianakaviamben'ireo firenena izay voalaza ao amin'ny Genesisy 10:1 sy I Tantara 1:4-23 dia milaza fa ireo zanaka lahin'i Noa dia niely tamin'ny toerana telo taorian'ny Safodrano. Ireo zanak'i Sema (Semita) dia nitoetra tany amin'ny Irak ankehitriny, manaraka ny sisin'ny lohasahan'i Hideleka sy Eofrata sy amin'ny tany fantatsika ara-tantara hoe Arabia. Ireo zanak'i Jafeta (Jafetista) kosa nandeha tany avaratra, nanodidina ny Ranomasina Mainty dia i Torkia, Rosia Atsimo ary Eropa Avaratra ankehitriny hatramin'i Espana. Ireo zanak'i Hama (Hamita) kosa dia nidina nankany atsimo tany amin'ny Azia Minora ambany (Armenia ankehitriny), manaraka ny morontsiraka Syriana sy Filistina, sy ny morontsiraky ny Ranomasina Mena an'i Arabia nankany Afrika.

ny olombelona i Abrahama mba hahatanteraka ny fampanantenan' Andriamanitra. Nanoso-kevitra ny Tompo izy mba ho i Eliezera mpanompony no handova ilay teny fikasana. Nefa nolavin' Andriamanitra io vahaolana araka ny olombelona io ary nanamafy ny fampanantenany Izy, nilaza mazava tsara fa avy amin'ny naterany no hiavian'ilay handova.

Ary, indro, ny tenin'i Jehovah tonga taminy hoe: Tsy handova anao izany; fa izay haterakao, dia izy no handova anao. Dia nitondra azy nivoaka teo ivelan'ny lay Izy ka nanao hoe: Jereo ange ny lantira, ka isao ny kintana, raha mahisa azy hianao. Dia hoy Izy taminy: Ho tahaka izany ny taranakao. Ary nino an'i Jehovah izy; ka dia nisainy ho fahamarinany izany. (Gen.15 :4-6)

Izao dia 85 taona izy, folo taona taorian'ny nanomezana ny teny fikasana, tsy mbola niteraka i Abrahama. Nalemy indray ny finoany ka nieri-treritra vahaolana hafa araka ny olombelona indray izy. Tamin'ity indray mitoraka ity dia i Saraha no nahita ny tetika. Mety ho avy amin'ny mpanompovaviny Hagara no hiavian'ilay taranak'i Abrahama. Nanaiky i Abrahama ary taty aoriana dia teraka i Isimaela (Gen.16 :1-4).

Efatra ambin'ny folo taona taty aoriana, efa ho ampahaefatry ny taonjato iray taorian'ny nanomezana ilay teny fikasana, tsy misy na inona na inona nitranga. Izao dia 99 taona i Abrahama ary « nihevitra ny tenany izay efa hoatra ny maty » (Rom.4 :18) ary Saraha efa any amin'ny faha 90 taonany any ho any, mbola maty kibo hatrany. Tsy misy toe-javatra tsy azo antenaina mihoatra izany. Nefa mbola niteny indray Andriamanitra sy mampahatsiaro an'i Abrahama ny teny fampanantenany :

Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama: Ny amin'i Saray vadinao, dia tsy mba hataonao Saray intsony ny anarany, fa Saraha no ho anarany. Ary hitahy azy Aho ka hampanana azy zazalahy ho anao; eny, hitahy azy Aho, ka ho tonga firenena maro izy; ary hisy mpanjakany firenena maro avy aminy. Dia niankohoka Abrahama ary nitsiky, dia nanao anakampo hoe: Hiteraka va aho, izay efa zato taona? ary hiteraka va Saraha, izay efa sivi-folo taona? Ary hoy Abrahama tamin'Andriamanitra: Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehao! Ary hoy Andriamanitra: Tsia, fa Saraha vadinao hiteraka zazalahy

aminao; ary ny anarany dia hataonao hoe Isaka; ary ny fanekeko haoriko aminy ho fanekena mandrakizay ho an'ny taranany man-

tsy azo antenaina intsony izany. ...Mbola misy fanantenana ho an'i Afrika.

### Na dia tahaka ny misy fanantenana intsony aza

Ao amin'ny toko faha-efatra amin'ny bokin'ny Romana, niresaka ny amin'ny fampanantenan'Andriamanitra an'i Abrahama im betsaka i Paoly Apostoly. Nilaza ny tsy fisian'ny fanantenana tamin'ny zavatra niainan'i Abrahama izy rehefa nanao ny fampanantenany mahatalanjona Andriamanitra. Tsy fisian'ny fanantenana noho ny maha momba (Gen.11 :30) an'i Saray vadiny (lasa Saraha). Tsy hoe tsy nanan-janaka fotsiny Saray fa tsy afaka niteraka izy. Momba izy. Tsy hoe momba fotsiny izy, fa efa 75 taona izy. Na dia afaka miteraka aza izy dia efa nihoatra lavitra ny taona ahafahany miteraka. Tsy misy toe-javatra tsy misy antenaina mihoatra izany. Na izany aza anefa, mahatalanjona, rehefa nanao ny fampanantenany Andriamanitra dia nino an'Andriamanitra i Abrahama araka an'i Paoly Apostoly ka dia nisaina ho fahamarina-ny izany" (Rom.4 :3). Toy izao no tohin'ny tantara :

Ary na dia efa tsy nisy nanatenana aza, dia nanatena ihany izy ka nino, mba ho rain'ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: "Ho tahaka izany ny taranakao" (Gen. 15. 5). Ary satria tsy mba nalemy finoana izy, dia nihevitra ny tenany izay efa hoatra ny maty (fa efa tokony ho zato taona izy) sy ny fahafatesan'ny kibon'i Saraha, ary tsy nianahanana ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'ny tsifinoana izy, fa nampaherezin'ny finoana ka nanome voninahitra an'Andriamanitra ary natoky indrindra fa izay nolazainy dia hainy hatao koa. Dia nisaina ho fahamarinany izany. (Rom.4 :18-22)  
Raha araka ny fijerin'olombelona dia tsy misy antenaina ny zavatra niainan'i Abrahama. Na izany aza dia nino izy. Resy lahatra tanteraka izy fa manana ny hery hanao izay nampanantenany Andriamanitra. Satria nino Abrahama, na toy ny efa tsy nisy nantenaina intsony aza, dia nisaina ho fahamarinana ny finoany.

### Ny toe-javatra tsy misy nantenaina niainan'i Abrahama

Koa dia vita ny fampanantenana, ka nino an'Andriamanitra Abrahama. Saingy taona maro no lasa nefo tsy nisy na inona na inona nitranga. Tsy nisy zaza teraka. Nanomboka nalemy ny finoan'i Abrahama. Latsaka tsikelikely tamin'ny fisalasalana izy. Nanomboka nitady fomba araka

### Ireo zanakahin'i Noa



Iray amin'ireo taranak'i Hama i Nimroda, zanak'i Kosy, "...Izy dia mpihaza mahery teo anatrehan'i Jehovah" (Gen 10:8,9)  
Ny tany Kosy, nantsoina araka ny anaran'ireo zanak'i Kosy (Kosita), dia nihitatra hatramin'ny tanàna tao amin'ny Neily an'i Aswan ao amin'ny avaratry ny fikorinan'ny Neily Fotsy sy Manga amin'ny Avaratra, voamariky ny renivohitr'i Soudan moderna, Khartoum.

Amin'ny fiatombohan'ny Isaia 10, Isaia mpaminany dia nananatra ny firenena Israely, sy ireo izay nifandray taminy, noho ny fandikany ny lalàn'Andriamanitra. Mazava ny hafatra fitsarana sy fanavotana izay nihitatra hatreto amin'ny fanjakan'i Joda Avaratra tahaka an'i Asyria (toko 13-14) sy Tyro (Toko 23) sy Afrika Atsimo ka hatrany amin'ny firenena matanjak'i Kosy (fonenan'ireo Kosita taloha, fantatra taty aorianana amin'ny anarana hoe vahoaka Nubian) sy Egypta (Toko18-20). Toy izao ny ampahany amin'io andalana io (Isaia 18:1-7):

1 Indrisy ny tany be fibiziziokan'elatra! Izay any an-dafin'ny on-in'i Etiopia (Kosy),

2 Izay mampandeha iraka eny ambonin'ny ranomasina, ao anaty lakan-jozoro ambonin'ny rano, ka manafatra azy hoe: Mandehana, ry iraka faingam-pandeha, ho any amin'ny firenena lava tsanganana sady mandimandina, any amin'ny olona mahatahotra hatreto ka hatrany ha-trany, dia firenena mpanao teny tsy valiana sady Maherisetra, izay

vakin'ny ony maro ny taniny

3 Ry mponina rehetra amin'izao tontolo izao sy mpitoetra ety ambonin'ny tany! Raha misy faneva atsangana eo an-tampon-tendrombohitra, dia mijere ianareo, ary raha misy anjomara tsafina, dia mihainoa.

4 Fa izao no nolazain'i Jehovah tamiko hangina Aho aloha ka hijery eto amin'ny fitoerako, raha mbola mipoaka tsara ny hainandro, ary misy zavona amin'ny hainandro fararano.

5 Fa raha mbola tsy tonga ny fararano, rehefa tapitra ny fitsimohany, ka efa mby am-boany ny voniny, dia horantsanany amin'ny fanetezam-boaloboka ny rantsany, ary hotapahiny sy hesoriny ny sakeiny.

6 Dia hafoy avokoa izy ho an'ny vorona mpihaza eny antendrombohitra sy ho an'ny biby eny ambonin'ny tany; ary ny vorona mpihaza handany fahavaratra any; Ary ny biby rehetra ambonin'ny tany handany ririnina any.

7 Amin'izany andro izany dia hisy fanomezana ho entina ho an'i Jehovah, Tompon'ny maro, dia firenena lava tsanganana sady mandimandina, ary avy amin'ny firenena mahatahotra hatreto ka hatrany hatrany dia firenena mpanao teny tsy valiana sady Maheriseta, Izay vakin'ny ony maro ny taniny ho ao amin'ny fitoeran'ny anaran'i Jehovah, Tompon'ny maro, dia ny tendrombohitra Ziona.

Ao amin'ny bokin'i Ezekiela (29:9) dia hitantsika Andriamanitra milaza fa Izy no tompon'ny renirano izay noforoniny, dia Neily, fone-nan'ny Egyptiana sy ny vahoaka Kosita: "Ary ny tany Egypta ho rava sy lao; Ka dia ho fantatra fa Izaho no Jehovah. Satria hoy izy: Ahy Neily, ary izaho no nanao azy,

10 Dia, indro, avy hamely anao sy ny Neilinao Aho, ary ny tany Egypta hataoko lao tokoa, eny, sady ho lao no ho rava, hatrany Migdola ka hatrany Syena, dia hatramin'ny sisin'i Etiopia (Kosy).

Hatramin'ny fiandohana dia **teo amin'ny Afrika ny mason'** Andriamanitra.

Raha toerana nahaterahan'ny finoana Judeo- Kristianisma ny Afovoany Atsinanana, Afrika kosa no kibo nifonosany. Raha mazava tsara fa ireo vahoaka Jiosy dia Semita (taranak'i Sema), dia taty Afrika no nialoka-

## Na dia toy ny tsy misy fanantenana intsony aza... ny fampanantenan'Andriamanitra!

Ny Genesisy 12 :2-3 no mirakitra ny fampanantenana miavaka an'Andriamanitra tamin' i Abrama (lasa Abraham ariana). Fampanantenana natao taloha tao amin'ny boky voalohan'ny Baiboly, saingy fampanantenana iray izay nitondra ny fizotran'ny tantaran'ny zanak'olombelona ho tanteraka.

Ary hoy Jehovah tamin' i Abrama: Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao;

*dia haha-tonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao; ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozena anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. dia haha-tonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao; ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozena anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. (Gen.12 :2-3)*

Andeha isika hijery akaiky ity fampanantenana ity. Mariho fa miverina inenina ny teny mampanantena « h....Aho ». Hoy Andriamanitra amin' i Abraham (1) Hitahy anao Aho. (2) Hahatonga anao ho firenena lehibe Aho. (3) Hahalehibe ny anaranao Aho. (4) Hitahy izay manisy soa anao Aho. (5) Hanozona izay manozena anao Aho. (6) Hitahy ny firenena rehetra amin'ny alalanao Aho. Mariho tsara anie ity fampanantenana « h...Aho » farany ity e ! Inona no ifantohana ? Ireo firenena ! Tena ao am-pon'Andriamanitra sy ifantohan'ny asa-pamonjeny ny firenena. Fi-ry ny firenena kasainy ho tahiana ? Ny firenena rehetra – anisan'izany ny firenenao. Tia ny firenena Andriamanitra. Hatramin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalipsy, mihoatra ny in-2000 ny Soratra Masina no miresaka ny amin'ny firenena. Voafaritra ao anatin'izany filazana izany ny firenena rehetra, foko sy vondron'olona eto amin'izao tontolo izao, anisan'izany ireo izay eto amin'ny kaontinanta lehiben'i Afrika. Na dia toy ny tsy misy fanantenana aza ny toe-java-misy an'i Afrika ankehitri-ny, eo anatrehan'ny fampanantenan'Andriamanitra, tsy misy zavatra

## Fampanantenana lehibe sy sarobidy

Tamin'ny faraparan'ny fiainany, nanoratra ireto teny mahafinaritra ire-to ny Apostoly Petera :

«Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany hianareo... » (2 Pet.1 :3-4)


Ny natioran'Andriamanitra sy ny teny fampanantenany no manome ny fototra ho an'ny fampandrosoana amin'ny maha Kristiana antsika. Marina izany, tsy ho antsika isambatan'olona ihany, fa marina ihany koa ho an'ny firenena iray manontolo. Nampanantena an'i Abrahama ilay rain'ny firenena Israely sy ny fiangonana Andriamanitra fa amin'ny alalany no hitahiana ny firenena rehetra eto an-tany. Mety ho marina ho an'ny firenena Afrikana ve io fampanantenana lehibe sy sarobidy io ? Satria Andriamanitra marina indrindra Andriamanitra, Andriamanitra mitana ny fampanantenany, koa afaka mamaly io fanontaniana io amin'ny hoe eny manakoako isika ! Amin'ny fizarana manaraka, hijery amin'ny antsipirihiny ny fampanantenan'Andriamanitra an'i Abrahama isika, satria eto no hanombohantsika hahita ny tena fanantenana ho an'i Afrika.

loka i Jakoba sy ireo zananilahy.

“Dia hoy Izy: Izaho no Andriamanitra, dia Andriamaniry ny rainao; aza matahotra hidina any Egypta hianao, fa hataoko firenena lehibe any hianao. Izaho hiara-midina aminao ho any Egypta; ary Izaho hitondra anao hiakatra indray tokoa ary ny tangan'i Josefa no hanirina ny masonao.” (Gen.46:3-4)

Nasain'Andriamanitra nankany Afrika Jakoba. Nahoana? Satria tian'Andriamanitra volavolaina ho tonga firenena lehibe ny vahoaka Hebreo, ary ny fiatombohan'izany famolavolana izany dia tao amin'ny kibon'i Afrika.

## Ny toerana nihavian'ny Judeo- Kristianisma



Hitantsika fa i Mosesy, Andrian'ny Egypta, no lehilahynofidian'Andriamanitra hitarika ny olony ho afaka amin'ny fanandevalozana. No-beazina tao amin'ny lapan'i Farao, mpanjakan'i Egypta izy. Teo no nanomanan'Andriamanitra azy amin'ny fitarihana ny olony hatreto Afrika, ilay toerana namolavolana azy ireo hankany amin'ilay tany nampanantenaina. Mosesy, *ilay mpanome ny lalàna*, dia nampiasain'Andriamanitra mba hanome izao tontolo izao ny fitahiany lehibe indrindra, dia ny Didy Folo. Ny Didy Folo dia manome ny firenena eto amin'izao tontolo izao ny fototra ara-moraly sy araka lalàna ilaina mba hananga-

nana fiarahamoina malalaka, marina sy feno fitiavana.

Werner, Anderson ary Wheeler, ao amin'ny bokin'izy ireo mikasika ny tantaran'ny Fiagonana Soudanezy, dia nanoratra ny fampidirana ny teny Etiopia avy amin'ny fandikana amin'ny teny Grika ny Testamenta Taloha. Toy izao no nosoratan'izy ireo:


“Rehefa nadika voalohany tamin’ny teny Grika ny Testamenta Taloha, nanodidina ny taona 300 Talohan’i Kristy tany Alexandria, dia nosolooin’ireo mpandika teny ny teny Hebreo Kosy ho lasa teny Grika Etiopia (Aithiopia), firenena atsimon’ny tany fantatr’izy ireo. Etiopia (avy amin’ny teny hoe aithiops –mainity tava) dia teny tsy voafaritra tsara noho izany, izay azo ampiharina amin’ny Afrika manontolo (araka ny fahafantarana azy tamin’izany)... Koa rehefa nampiasa ny teny Etiopia ny Baiboly Grika (ny Septuagint...) dia teny malalaka be izany raha handikana ny teny Hebreo Kosy. Kosy mantsy dia teny manokana hilazana ny firenena akaikin’i Egypta amin’ny atsimo, manaraka ny sisin’i Neily...Marina fa ny dikan’ny Kosy faharoa izay malalaka kokoa dia hita indraindray ao amin’ny Baiboly, izay manambatra ireo faritra rehetra atsimon’i Egypta, ary anisany i Soudan manontolo sy ny firenena manodidina azy.”

Misy zavatra roa tsara marihina eto. Voalohany, ny teny hoe Kosy dia sady ilazana fanjakana iray izay manamorona ny sisin’i Neily, izay Atsimon’i Egypta sy Avaratr’i Soudan ankehitriny, fa ilazana koa faritra lehibe lavitra izay mihitatra hatrany amin’ny ivon’i Afrika. Faharoa, sy mety ho manan-danja bebe kokoa amintsika dia tian’Andriamanitra hampidirina amin’ny tantara ao amin’ny Baiboly ny vahoaka “mainity tava”. Ny fanjakan’ny Kosy dia lasa fantatra amin’ny hoe Ampira Meriotika teo anelanelan’ny taona 700 sy 300 Talohan’i Kristy teo ho eo.

Nanana anjara toerana lehibe tamin’ny fiainan’i Jesosy i Afrika. Taoriania kely ny fahaterahany, rehefa nitady hifofo ny ainy i Heroda Mpanjaka, dia niseho tamin’i Josefa tamin’ny nofy Andriamanitra ka nilaza taminy mba hitondra an’i Jesosy ho any Afrika mba hialokaloka any aloha. Ka dia nalefan’Andriamanitra tany Afrika ny Zanany ho fiarovana azy nandritra ny famonoana ireo zazalahy tsy manan-tsiny nataon’i Heroda.

Ary nony efa lasa nandeha ireo, indro nisy anjelin’ny Tompo

## Ny fizotran’ny Tantara Tantaran’ny Fanavotana



\*Tantaran'ny dikan'ny zavamisy: inona no atao hoe marina, inona no atao hoe tsara, inona no atao hoe tsara tarehy

### Tantaran'ny fanavotana

Ny fitsipiky ny lalana, ny fahafahan’ny isam-batan’olona, ny fahalalhana ara-ekonomika, ny fifehezan-tena anaty, ny andraikitra arasiyika (ny fiarhamonina), ny fanajana ny zon’olombelona dia soatoavina avy amin’ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao. Ireo soatoavina ireo dia mahatonga ny fitombon’ny lamina ara-tsosialy, ny fahampiana ara-ekonomika, ny fitsarana ara-drariny sy ny fampandrosoam-pirenena. Ny fototry ny olana eto Afrika dia ny fijery tsy mety izao tontolo izao. Isaorana Andriamanitra fa tamin’ny alalan’ny Teniny, ny Fanahiny ary ny ohatra velon’ny Zanany, dia nanome antsika fomba fijery izao tontolo izao mifanaraka amin’ny fampandrosoana ny firenentsika Izy. Misy fanantenana ho an’i Afrika. Fa tsy any amin’ireo Tandrefana no ahitana azy fa ao amin’ny Tenin’Andriamanitra. Tsy hita ao amin’ny loharanon-karena avy any ivelany, fa ao amin’ny fomba fisainana ara-Baiboly!


Mba « handresena lahatra ny saina » araka ny soso-kevit’i Malik : ireo Kristiana aty Afrika (sy na aiza na aiza) dia mila mahazo ny Baiboly amin’ny lafiny midadasika kokoa. Ny Baiboly dia mihoatra lavitra noho ny boki-pivavahana. Mihoatra noho ny hafa-pamonjena izy – amin’ny maha ivo azy. Ny Baiboly dia loharanon’ny fomba fijery ny fiainana sy izao tontolo izao azo takarina.

Ny rafi-pinoana nenti-paharazana an’i Afrika dia tsy maintsy soloina amin’ny fomba fijery azo takarina sy ara-Baiboly izao tontolo izao mitovy amin’izay. Fijery ara-Baiboly izao tontolo izao ilay « Tantara mitondra fanovana » - dia ilay ‘tantara lehibe’ izay manome ny fototra ara-tsaina tokana afaka manova marina ny fiainan’ny isam-batanolona sy ny kolotsaina iray manontolo. Ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao irery no afaka manome ny fototra ho an’ny fiainana fiainam-pahafahana, fahamarinana ary fihantrania. Ireo tantara lehibe ao amin’ny Baiboly ihany no manome ny fototra hananganana firenena vanona.

Sady misy sakany no misy halaliny ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao. Ny sakany dia hita araka ny tantara. Ny Baiboly dia maneho Andriamanitra izay miasa amin’ny fotoana mba hanavotana ny voary amin’ny vokatry ny Fahalavoana. Io tantaram-panavotana io dia azo zaraina ho dingana efatra : (1) Ny Famoronana, (2) ny Fahalavoana, (3) ny Asam-panavotan’Andriamanitra eo amin’ny tantara ary (4) ny Fandevonana farany. Ny halalin’ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao dia mitarika ny fijery ara-Baiboly ny fisian’Andriamanitra, ny natiorany sy ny toetrary, ary koa ny fomba fijery ara-Baiboly ny natioran’ny olombelona sy ny an’ny voary.

niseho tamin’i Josefa tamin’nynofy ka nanao hoe : Mifohaza hianao, ka ento ny Zazakely sy ny reniny, dia mandosira any Egypta, ary mitoera any ambara-pilazako aminao; fa Heroda efa hitady ny Zazakely hovonoiny. Dia nifoha izy ka nitondra ny Zazakely sy ny reniny, raha mbola alina, dia lasa nankany Egypta. (Mat.2:13-15)

### Jesosy tany Egypta



Efa nilaza mialoha io ampahany amin’ny fiainan’ny mpamponjintsika io i Hosea mpaminany, “Fony mbola zaza Israely, dia tiako izy, ary nantsoko hiala tany Egypta ny zanako”(Hos 11:1). Tamin’ny faran’ny fiainany tety an-tany koa dia nampiasa Afrikana iray hafa Andriamanitra, Simona ilay Kyreniana (Lybie ankehitriny) hanampy an’i Jesosy tamin’ny fotoana nampahory an’i Jesosy indrindra.

Ary Simona Kyreniana (rain'i Aleksandro sy Rofosy), izay nandaloo avy tany an-tsaha, no notereny hitondra ny hazo fijalian'i Jesosy. (Mar.15:21)

Taorian’ny nahafatesan’i Kristy sy ny nitsanganany tamin’ny maty, dia hitantsika ny fomba nielezan’ny Filazantsata tao Afrika, tamin’ny alalan’ilay lehilahy Etiopiana, tandapan’i Kandasy, mpanjakavavin’ny Etiopia, sady mpitahiry ny hareny rehetra.

Ary nisy anjelin’ny Tompo nilaza tamin’i Filipo ka nanao hoe:

Mitsangàna, ka mandehana mianatsimo ho any amin'ny lâlana midina avy any Jerosalema mankany Gaza, dia efitra izany. Dia nitsangana izy ka lasa nandeha; ary, indro, nisy lehilahy Etiopiana, tandapan'i Kandasy, mpanjakavavin'ny Etiopiana, sady mpitahiry ny harenry rehetra, ary tonga tany Jerosalema izy mba hivavaka, dia nody izy ka nipetraka teo anatin'ny kalesiny ary namaky teny tao amin'Isaia mpaminany. Dia hoy ny Fanahy tamin'i Filipo: Andeha manatona ka mankanesa amin'io kalesy io." (Asa8:26-29)

I Werner dia manindry fa nisy voanjo Jiosy teo amin'ny nosy maromaro nanoloana ny tanànan'i Aswan. Nifamaly izy ireo ny tamin'ny nitondran'ireo Jiosy niaraka tamin'izy ireo Ilay hany Andriamanitra tokana – nifanohitra tamin'ireo andriamanitra maro an'i Egypta fahiny sy Meroe. Izay no mety nandehanan'ity tandapa Etiopiana ity nankany Jerosalema mba hankalaza ilay Hany Andriamanitra Tokana an'y Jiosy.

Amin-kafaliana no hamakantsika ny fomba nahatongavan'ny Vaovao Mahafalin'i Jesosy Kristy voalohany tamin'ny vahoaka mainty tava. Fehezin'i Werner toy izao izany:

"Noho izany, dia mazava fa tandapa ofisialy Meriotika izayナ  
hare ny filazantsaran'i Jesosy avy amin'i Filipo diakona no nitondra izany finoany vaovao izany tany amin'ny renivohitra Meriotikan'i Napat. Ity lehilahy Soudanezy ity izany no mpino an'i Jesosy Kristy fantatra fa tsy Jiosy voalohany- talohan'ny ninoan'ilay kapiteny Romana (Asa 10), ary taloha lavitra ny nahatraran'ny Filazantsara an'i Eropa. Koa azo lazaina fa ny hafatr'i Jesosy dia nafafy tao amin'ny tany Soudanezy taona vitsy fotsiny taorian'ny nanombohana sy ny nitsanganan'i Jesosy Kristy, mety talohan'ny taona 40."

Mampangitakata ny mamaky fa ny Filazantsara dia nandeha taty Afrika voalohany, tamin'ny alalan'ny Etiopia, nanaraka ny tadimpotran'ny kaontinanta hatrany Afrika, talohan'ny nitarany hatrany amin'ireo jentilisan'i Eropa tamin'ny alalan'ny Jiosy iray antsoina hoe Paoly tamin'ny faraparan'ny taona 40 sy fiandohan'ny taona 50.

Fanampin'ny fidiran'ny Filazantsara voalohany teto Afrika, maro amin'ireo olombe nanamarika ny tantaran'ny Fiagonana no miantso an'i Afrika hoe fonenany. Anisan'izany i Augustine an'i Hippo

amin'ny lafiny feno sy vaovao ny fiainana ny filazantsara, izay tokony naka ny toeran'ny fijery nenti-paharazana sy takatry ny saina ny fiainana, dia tsy voakasika ny ivon'ny kolotsaina Afrikana....

Ireo niova fo tao Afrika dia tsy nahita fa ampy ho amin'ny lafimpiainany rehetra sy indrindra ho an'ny olana goavana indrindra amin'ny fiainana ny Filazantsara. Noho io antony io, mahita tranga isika manerana an'i Afrika ankehitriny izay hiverenan'ireo Kristiana amin'ny fihoverana sy fijery nenti-paharazana ny fiainana amin'ny fotoana hisiana filàna eo amin'ny fiainana na krizy (toy ny loza, aretina sy fahafatesana).

Ny zavatra mampalahelo dia maro ireo misionera tandrefana aty Afrika no mifantoka amina Filazantsara tery izay miankina amin'ny isan'ny olona niova fo sy ny fiagonana voatsangana ho mari-pandrefesana ny fahombiazany. Very teny an-dalana ny fanoloran-tena hampianatra ny Kristiana amin'ny konsily manontolo ny Tenin'Andriamanitra, anisan'izany ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao. Amin'ny hahavo lehibe kokoa, very ny vina ho an'ny fiovana arakolotsaina mifanaraka amin'ny fandrosoan'ny Fanjakan'Andriamanitra. Vokany, maro ireo Kirstiana aty Afrika no tsy mampihatra mandrakari-va ny zavatra lazain'izy ireo fa inoany. Fa miaina ny fiainany mifototra amin'ny fisainana Animistika metafizika sy ny soatoavina izay aterak-'izany ara-lojika amin'ny ankabopeny. Mampalahelo fa maro raha tsy ny ankabeazan'ireo mitonona ho Kristiana aty Afrika no tsy nanana « fiovan-tsaina » araka ny hamporisihin'i Paoly Apostoly ao amin'ny Romana 12 :1-2 sy 2Korintiana 10 :5. Nilaza nivantana i Dr Adeyemo hoe : « Voatory ny Filazantsara i Afrika saingy tsy mbola voasambotra ho an'i Kristy ny sain'ny Afrikana.»

Ho fanampin'ny fo « nateraka indray », mila saina nateraka indray ny Kristiana. Tamin'ny fotoana nanokanana ny Billy Graham Center tao Wheaton College, i Charles Malik izay Filohan'ny Konsilin'ny Filaminana sy ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana dia nilaza hoe :

Ny olana dia tsy ny handresy lahatra fanahy fotsiny ihany fa hamonjy saina ihany koa. Raha resinao lahatra izao tontolo izao nefà very ny sainy dia ho hitanao tsy ho ela fa tsy nahazo izao tontolo izao ianao. Mety ny hitranga aza raha ny marina dia ho verinao izao tontolo izao. »

tra dia fandisoana ny marina. Tamin'ny pejy teo aloha isika dia nijery lisitra izay maneho ny fahasamihafana eo amin'ny fiheverana Animisma sy ny fiheverana Judeo-Kristiana theisma. Na izany aza, ny toerana iray izay hitovizan'izy ireo hevitra dia ny fomba fijery izao tontolo izao amin'ny maha iray tsy mivaky azy. Ny Animisma sy ny Judeo-Kristiana theisma dia samy maneho fomba fijery izao tontolo izao takatry ny saina sy ifangaroan-javatra maro avokoa. Nanoratra toy izao i Dr. Mugambi an'ny Universite an'i Nairobi : « Amin'ny lova Afrikana, izao tontolo izao dia fitambaran-javatra maro samihafa, ary tsy azo sarahina aminy ny zanak'olombelona, na ara- batana izany na aratsaina. » Mitovitovy amin'izay, i Profesora William Dyrness an'ny Fuller Theological Seminary dia milaza ny amin'ny fomba fijery Afrikana izao tontolo izao, « Ny tontolo ara-materialy sy ara-panahy dia ampanahy'ny zava-misy tokana, ka ny tsipika manelanelana ny andaniny sy ny ankilany dia sarotra soritana. »

Rehefa tonga taty Afrika ireo misioneran'ny taonjato faha 19 sy faha 20, maro tamin'izy ireo no nitondra fomba fijery izao tontolo izao mizara roa niaraka tamin'izy ireo, izay manasaraka tanteraka ny zava-misy ara-panahy amin'ny zava-misy ara-batana. Ny zavatra ara-panahy dia noraisina ho ambony sy masina, fa ny zavatra ara-batana kosa dia ambany sy araka izao tontolo izao. Raha tokony ho nandrafitra teo amin'ny fomba fijery izao tontolo izao amin'ny lafiny feno (ara-batana, ara-panahy) izay efa misy ao Afrika izy ireo, dia maro ireo misionera no nampiditra fomba fijery izao tontolo izao mizara roa izay tsy nolovaina avy amin'ny Baiboly, fa avy amin'ny filozofia Grika tranainity. Arak'i Dr. Tokunboh Adeyemo :

« Ampolo-taonany maro... ny asa evanjelistra sy misionera dia nitodika tamin'ny famonjena ny olona (izay ara-panahy), nefo very kosa ny sainy. Vokatr'izany, manana ...vahoaka Kristiana maherin'ny 50% eo ho eo isika nefo tsy misy fiafraikany na misy fa kely eo amin'ny fiarahanonina. Raha ny marina, toy ny mahatsikaiky fa eo amin'ny misy antsika dia ny ody maizina, ny fivavahana nenti-paharazana, ny lanonana maloto, ny adi-poko sy ny toy izany dia raisina ho toy ny mandeha ho azy... »

Fintinin'i Dr. Van der Poll, teolojiana Afrikana izany zavatra roa sarotra tapahina izany raha nanoratra izy :

Satria tsy nentina teo amin'ny vahoaka amin'ny maha fijery

(Algeria ankehitriny, 354-430A.D), Tertullian an'i Karthazy (Tunisia ankehitriny, C.160-225A.D.), sy Cyprien an'i Alexandria (Egypta, c.210-258 A.D.). Telo tamin'ireo Papa voalohany tao amin'ny fiangonana Latina (Katolika Romana) dia avy taty Afrika. Anisan'izany i Victor (183-203 A.D.), Gelasius (492-496 A.D.) ary Mechiades na Miltiades (311-314 A.D.). Ireo Afrikana ireo dia fitaovana tamin'ny namolavolana ny tantaran'ny fiangonana voalohany.

### Ireo raim-piangonana Afrikana



Ao amin'ny Salamo sy ny bokin'ny Apokalipsy, dia nomena topimaso kely ny amin'ny zavatra hitranga amin'ny fiafarana'izao tontolo izao isika, ary eto koa dia ahitana an'i Afrika. Amin'ny fivoran'ny firenena rehetra, ny olona manerana ny tany no hiangona hankalaza manoloana ny seza fiandrianana. Ary amin'izany fiangonana be voninahitra izany dia hisy vahoaka avy aty Afrika ho ao. Salamo 68:31 dia manao hoe: "Ho avy ny tremalahin'i Egypta; Etiopia halaky hananty tanana amin'Andriamanitra." Mitovy amin'izay, hitantsika ao amin'ireo firenena voasoratra ao amin'ny Salamo 87 i Afrika. Ireo firenena ireo dia firenena izay hanompo an'Andriamanitra amin'ny fara andro. Hita ao amin'izany lisitra izany ny anarana fahinin'ireo firenena Afrikana.

Zava-malaza no anambarana anao Ry tanànan'Andriamanitra

Hanonona an-dRahaba [Egypta] sy Babylona Aho ho isan'izay mahalala ahy; Indro Filistia sy Tyro mbamin'i Etiopia[Soudan], Ity no efa teraka teo.(Sal 87:3-4)

Maneho ireo firenena jentilisa izay hanatona an'i Kristy ireo, izay lasa vahoakan'ny tanànan'Andriamanitra.

Ireo dia ohatra fotsiny ihany ny amin'ny filazana an'i Afrika ao amin'ny Soratra Masina. I Profesora Cain Felder an'ny Howard University dia nanoratra hoe mihoatra ny in-1500 ny filazana ny kaontinanta Afrikana ao amin'ny Testamenta Taloha fotsiny ihany. Manana lova ara-Baiboly betsaka i Afrika ary mbola manana anjara toerana lehibe amin'ny fitohizan'ny tantaran'ny fiangonana.

### **Ny fitahiana ny olona**

Tsy isalasalana fa ny loharanon-karena lehibe indrindra an'i Afrika dia hita ao amin'ny olony. Ny zanak'i Afrika tsirairay dia natao araka ny *imago Dei*, endrik'Andriamanitra, ary izy ireo miaraka dia manome ny karipetran'olona faran'izay tsara sy maro loko indrindra eto amin'izao tontolo izao.

### ***Ny olombelona, ilay Imago Dei***

Rehefa nanao ny olona Andriamanitra dia ny Tenany ihany nonofidiany ho modely. Amin'izay lafiny izay dia miavaka amin'ny zavatra noforonina ny olombelona. Tsy noforonina hitovy amin'ny alika na ny gidro isika na vokatra tsy nahin'ny fivoaran'ny tontolo araka ny filazan'ireo olona manohana io foto-kevitra io. Tsy "fanahy" fotsiny araka ny lazain'ireo mpanohana ny fivavahana nenti-paharazana (animistes) ny olona. Tsia, rehefa namorona ny olona Andriamanitra dia ny Tenany ihany no nalainy ho modely. Natao araka ny *imago Dei* ny olona, na lahy na vavy. Genesisy 1:27 no milaza izany fahamarinana mahagaga izany: "Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy." (Gen.1:27). Mariho fa tsy ny lehilahy irery akory no tahaka ny endrik'Andriamanitra fa ny vehivavy ihany koa.

Ny olona (lahy sy vavy) dia napetrak'Andriamanitra tao amin'ny saha Edena tany am-boalohany ary nisy antony izany. Izy ireo niaraka dia nataon'Andriamanitra hitandrina ny saha sy hiasa izany amin'ny toeran'Andriamanitra. Baiko hampandroso no fiantson'ny olona sasany

<p>« Voafetra ny harena » : Voafetra ny sakafo, ny loharanon-karena. Raha miroborobo ny mpifanolobodirindrina amiko dia vokatry ny fanaovany ratsy amiko izay toy ny hoe mangalatra.</p> <p>Ny fidongian'izao tontolo izao : mikorontana sy tsy azo vinavinaina izao tontolo rehetra izao.</p>	<p>Tsy voafetra ny harena : Foronina ny harena</p> <p>Fehezin'ny lalàna natoraly izao tontolo izao : voalamina izany.</p>
--	---

Tsy lisitra feno akory io listra ambony io, na hoe mitovy ny fandraisan'ny kolotsaina Afrikana rehetra ireo fiheveran-diso ireo. Na izany aza raha tsy vahana ireo fiheverana tsy lazaina mivantana sy mazàna tsy mari-pototra ireo dia mbola hitohy ny fijalian'i Afrika. Ny tena ilain'i Afrika mihoatra ny zavatra rehetra dia tsy vola na loharanon-karena avy any ivelany – tsy ny teknolojia vaovao na ny fahaiza-manao ara-teknika akory aza. Ny tena ilaina fatratra dia ny hamahana ny fototry ny olana. Ireo fiheverana Animistika notanisaina tetsy ambony dia mila soloina amin'ny fomba fijery izao tontolo izay mifanarakana amin'ny zava-misy araka ny nanaovan'Andriamanitra azy- fijery izao tontolo izao izay hidiran'ny fahamarinana, ny hatsarana sy ny rariny any anatin'ny fiarahamonina. Rehefa izay no mitranga dia hiova i Afrika.

### **Ny tsy nahavitan'ny Misiona Kristiana nanova ny kolotsaina Afrika**

Andeha izao hifantoka amin'ny fiatraikan'ireo misionera tamin'ny kaontinanta nandritra izay taonjato roa lasa izay. Araka ny efa navoitrantsika, toy ireny tafika ireny dia misionera tandrefana maro no nana-paritaka tsy nitandro faharerahana ny filazantsara nanerana ny kaontinanta teo amin'ny tantara. Niteraka fiovam-po tsy hita isa sy fananganana fiangonana vaovao anarivony ny ezak'izy ireo. Raha izay no zavanitranga, nahoana no tsy nanomboka namaka teo amin'ny kaontinanta ny fomba fijery Judeo-Kristiana izao tontolo izao araka ny nantenaina ?

Ny Animisma tahaka ny fomba fijery diso izao tontolo izao rehetra

<b>Fomba fisainana nenti-paharazana Afrikana</b>	<b>Fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao (fomba fisainana)</b>
Ambany noho ny lehilahy ny vehivavy	Noforonina araka ny endrik'Andriamanitra ny vehivavy ary mitovy lanja amin'ny lehilahy. Na dia samy hafa aza ny anjara asan'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny lanjany manoloana an'Andriamanitra kosa dia mitovy.
Ozona ny asa	Isan'ny manome hasina antsika ny asa.
Adim-poko : ambony noho ny fokonao ny fokoko.	Fiarahamonina : ny firazanana/ny foko tsirairay dia mitovy lanja avokoa nefo tokana aman-tany ary tokony ankalazaina izay maha tokana azy izay.
Fatalisma : Mahantra isika ary tsy misy azo atao amin'izany. Ny tantara dia zavatra mitranga amintsika. Mitarika fisainana « miankin-doha » izany izay mibanjina any ivelany, miandry ny olona na zavatra « avy any ivelany » mba hamaha ny olona.	Fahafahana : Noforonina mba hamorona ny tantara isika. Noforonin'Andriamanitra mba banana fahafahana sy andraikitra manokana ny olombelona.
Fotoana : mifantoka amin'ny lasa ; fijery miverin-dalana.	Fotoana : ankalazao ny lasa, hifalio ny ankehitriny, farito ny hoavy ; fijery mitodika amin'ny hoavy.
Kolikoly : Tia midongy ireo andriamanitra ka azo anaovana tsolotra amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra na sorona.	Rariny : Tsy miova amin'ny toetrary ilay Andriamanitra velona, izay sady marina no tsara. Tsy mandray kolikoly Izy.
Tsy misy dikany ny fiainan'-ny isam-batan'olona	Misy dikany ny fiainan'ny isambatan'olona

izany. Napetrak'Andriamanitra tao amin'ny Saha Edena ny lehilahy sy ny vehivavy mba hampandroso ny tany. Hoy ny Genesisy 1:28: "Ary Andriamanitra nitso-rano azy hoe: Maroa fara sy mihibetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjaka amin'ny hazandranao ao amin'ny ranomasina sy ny voromanidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany." (Gen.1:28).

Misy roa karazana io baiko io. Ny voalohany dia baiko aratsosialy mba hitombo na hiteraka. Ny faharoa dia baiko hampandroso sy hanjaka eo amin'ny zavaboary. I Dr Elizabeth Youmans, mpanabe sy mpanangana ny 'Principia' dia nilazalaza tamim-pitiavana ny fahagagna entin'ny zaza tsirairay amin'ity izao tontolo izao ity. Ny tsirairay dia nateraka mba banana fahafahana manjaka eto an-tany. Toy izao no nosoratany:

Ny ankizy tsirairay avy dia manana anarana...

...tanjona

...tantara

...toerana eo amin'ny tantaraNY!

Tokana aman-tany ny ankizy tsirairay!

Ho fampitaovana antsika hanjaka dia nanome antsika harena anaty lehibe Andriamanitra. Ao amin'ny isambatan'olona io harena be io. Anisan'izany ny: *Saina*: fahafahana mandalina sy mandinika; fahafahana "misaintsaina ny hevit'Andriamanitra arakan'Andriamanitra" *Fo*: fitsehampo, fisaintsainana, fanofinofisana tontolo vaovao, famoronana, ara sy taozavatra. *Toetra maha izy azy*: ny olona tsirairay dia manana toetra, manana natiora maha izy azy. Samy manana ny hasiny amin'ny maha *imago Dei* azy. Nomina lela ny olona mba hahafahany hamorona teny sy miteny fiteny samihafa. Mahery ny teny. Nampiasa teny Andriamanitra hamoronana izao tontolo izao. Noforonin'Andriamanitra ny olona mba ho tonga mpamorona teny. Mampiasa ny teny ny olona hitsofan-drano sy hanazonana. Tahaka ny nampiasan'Andriamanitra ny teny hamoronana izao tontolo izao dia toy izany koa ny olona dia mampiasa teny hamoronana kolotsaina izay mandrafitra izao tontolo izao.

Ankoatry ny maha mpamorona teny ny olona dia mpamorona fitaovana koa izy. Manana fahafahana hampiasa ny sainy hamoronana fitaovana hanamora ny fiainany sy hampihena ny hamafin'ny asa izy. Manana feon'ny fieritreretana manavaka ny mety sy ny tsy mety ny

olona tsirairay, sy sitrapo hanao zavatra sy handrafitra ny tantara izy. Manana fanahy hamantatra ny tontolo tsy azo tsapain-tanana sy fahafahana ho amin'ny fahendrena (ny fampiharana ny fahamarinana aramoraly) koa izy. Ny tsirairay dia manana fahafahana mifehy tena na fifehezan-tena anaty. Afaka mamorona hevitra ny saintsika izay ahafahana mamolavola ny tontolo hita maso. Manana fahalalana ara-teknika ny olona (ohatra amin'ny fandrahoana, fambolena, rafitra na zaitra) sy fahaiza-manao (ohatra amin'ny mozika, fanatanjahan-tena, serasera, fiteny na ara).

Ny Afrikana, tahaka ny olona rehetra maneran-tany dia teraka niaraka tamin'ireo harena anaty betsaka ireo – ary izany dia loharanon-karena lehibe indrindra eo amina fiarahamonina na firenena iray. Tahaka ny loharanon-karena rehetra dia mila tandremana na tantanana tsara izy ireny. Maro no jamba tsy mahita ireo harena be ireo, ka mihevitra fa ny harena dia tahaka ny zavatra ivelan'ny olombelona eto amin'ity tontolo azo tsapain-tanana ity. Raha tsy mahita ny loharanon-karena nomen'Andriamanitra azy ny olona dia tsy ho hainy ny hampiasa azy ireny am-pahombiazana. Tsy maintsy mianatra mitantana ny harenry anaty ny olona alohan'ny hananany ny fahaiza-manao ilaina hitantanany ny harenry ivelany (loharanon-karena natoraly). Raha tsy manomboka mahafehy ny fitantanana ny harena anatiny ny firenena iray dia tsy hahita fandrosoana ivelany firy.

Nampianatra ny amin'ny harena anaty Jesosy rehefa nanentana ny mpianany Izy mba hiasa ho an'ny **Fanjakana** :

“Ary raha mbola nihaino izany ny olona, dia nandroso niteny ihany Jesosy ka nanao fanoharana, satria efa akaiky an'i Jerosalema Izy, ka nataon'ny olona fa hiseho faingana ny fanjakan'Andriamanitra. Dia niantso folo lahy tamin'ny mpanompony izy ary nanome azy farantsafolo ka nanao taminy hoe: Mandrantoa mandra-pihaviko. Ary nony tafaverina izy, rehefa nandray fahefana hanjaka, dia nasainy nantsoina hankeo aminy izany mpanompo nomeny ny vola izany mba hahitany izay azony tamin'ny fandrantoana.” (Lio.19:11,13,15)

Mariho fa notolotra ilay loharanon-karena ary hisy fanadinana ny amin'ny fomba nampiasana azy any aoriania. Ny andrasan'Andriamanitra amin'ny tsirairay dia ny hampiasantsika ireo fanomezam-pahasoavana nomena antsika ireo mba hampandrosoana ny Fanjakany

Animistika nenti-paharazana no anisan'ireo kolotsaina faran'izay ahitana kolikoly maneran-tany. Etsy andanin'izany, ireo firenena faran'izay iharan'ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao dia miaina anaty kolikoly kely indrindra.

Ny Tondro-pandrosoan'ny Mponina (p.35) dia maneho modely mitovitovy amin'izany. Ankoatr'i Japon, ireo firenena izay nandairan'ny fomba fijery Judeo-Kristiana be indrindra no firenena faran'izay « azo iainana » eto an-tany. Ireo firenena faran'izay hanjakan'ny fivavahana nenti-paharazana Afrikana no voasokajy ho isan'ireo firenena faran'izay « sarotra iainana » indrindra.

### Ireo firenena « sarotra iainana » indrindra, 2005

1	Niger	11	Rep.Dem. du Congo
2	Sierra Léone	12	Zambie
3	Burkina Faso	13	Malawi
4	Mali	14	Tanzanie
5	Chad	15	Cote d'Ivoire
6	Guinée Bissau	16	Benin
7	République Centrafricaine	17	Eritrea
8	Ethiopie	18	Angola
9	Burundi	19	Rwanda
10	Mozambique	20	Nigeria

Information Please® Database, © 2005 Pearson Education, inc. All right reserved.

Mba hanazavana bebe kokoa ny fomba fijery Animistika izao tontolo izao, dia hampitahantsika ny lisitr'ireo fiheverana fototra izay matetika fahita amin'ny fomba fisainana nenti-paharazana Afrikana sy ny fomba fijery Judeo-Kristiana na fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao.

firenena maro i Afrika, izay samy manana ny kolotsainy manokana, ary volavolain'ny fomba fijery olony izao tontolo izao izay mibahaha indrindra. Raha iverenana ilay fanoharana ny amin'ny solosaina, manana "hardware" tena tsara i Afrika. Ny olana dia tsy mampiasa ny rafitra tsara fampandehanana azy izy- dia ilay natokan'ny mpamorona ilay solosaina hampandeha azy tsara. Izay no fototry ny olana.

### Ireo fomba fijery Afrikana izao tontolo izao

Ny fomba fijery Afrikana izao tontolo izao dia mifangaro amin'ny finoana ny lahatra tsy azo iodivirana na fatalisma izay mifototra amin'ny



Ireo faka no miteraka ny voa

finoana islamika any amin'ny avaratra, sy ny finoana ny fanahy na spiritisma sy ny fanompoana ny razana manerana ny faritry ny kaontinanta sisa. Ireo andry roan'ny fatalisma sy ny spiritisma ireo no manome ny karazana fomba fijery izao tontolo izao fantatra amin'ny hoe Animisma. Tahaka ny fomba fijery izao tontolo izao rehetra izay diso, ny Animisma dia fanovana ny marina.

Ary amin'ny fanovana rehetra tahak'izany, rehefa lasa io no rafitra mafonja inoan'ny vondron'olona iray sy mamaritra ny ataony, ny fiafrikan'izay eo amin'ny tena fiainana dia sady mampalahelo no manimba. Ahoana no hanazavanao ny famonoan'olona betsaka niharo habibiana tany Rwanda, na ny korontana nateraky ny adi-poko tany Somalia? Ahoana no hitantarana ny fanadiovam-poko (na fanafoanana foko) tany Soudan? Ahoana no hanazavana ny famonoana ireo tsy manantsiny amin'ny ady, na ny fanolanana miverimberina ny vehivavy ary ny fahavetavetana miparitaka izay mampirehitra ny afon'ny areti-mifindra VIH/ SIDA? Tsy olana ara-moraly fotsiny izany. Olana meta-fizika iza-ny. Amin'ny ampahany betsaka dia vokatra natoralin'ny fijery diso ny zava-misy izany – fomba fijery izao tontolo izao izay mitondra amin'ny tsy fahamarinana, fahantrana, sy fahavakisan'ny lamina arapiarahamonina.

Afaka manomboka mahazo an-tsaina ny hery manimba ao amin'ny fomba fijery Animisma izao tontolo izao isika izay miraikitra amin'ny kolotsaina Afrikana amin'ny alalan'ny fandinihana lalina ny Tondro ny Kolikoly (Jereo p.38) Ireo firenena faran'izay iharan'ny finoana

eto an-tany.

Amin'ny fandrefesana ny haren'ny firenena iray, ny Banky Mondialy dia mamantatra loharanon-karena amin'ny endriny telo. Tombanany fa ny 59% ny haren'ny firenena mandroso iray dia avy amin'ny olony sy ny loharanon-karena sosialy, ny 25% dia avy amin'ny loharanon-karena natoraly ary ny 16% avy amin'ny loharanon-karena efa navadika. "... midika izany fa any amin'ireo firenena manankarena ny telo ampahaefatry ny harena azo trandrahana dia ny mponina." Ny mponin'i Afrika dia mitovy lanja sy fahaizana amin'ny mponin'izao tontolo izao. Nomena talenta natoraly avy tamin'Andriamanitra izay ahafahany mamaha olana sy mamorona loharanon-karena izy ireo. Na dia manankarena amin'ny harena natoraly aza i Afrika, ny hareny ao amin'ny mponinny dia betsaka lavitra noho izany. Ny kapitaly ara-tsosialy sy araka mponina mitambatra amin'ny loharanon-kareny natoraly tsy voatanisa dia midika fa afaka mamaha ny fototry ny fahantany i Afrika, manana ny fahafahana hitarika izao tontolo izao izy.

### *Mponina samihafa toy ny karipetra maro loko.*

Tia fahasamihafana Andriamanitra. Porofon'izany ny fahasamihafana betsaka eo amin'ny zavaboariny, indrindra eo amin'ny kaontinanta Afrikana, izay ahitana foko miisa 3500 miteny fiteny 2110 (maherin'ny 30,5% ny fiteny maneran-tany). Io mponina samihafa toy ny karipetra maro loko io dia ahitana Afrikana 78%: Sudanika sy Bantu any Afrika Andrefana, Pygmes any afovoan'ny ala be orana, ary Khoi-Khoi any Atsimon'i Afrika. Ny 22% sisa dia ahitana ireo vahoaka arabo izay mandrakotra saika an'i Afrika amin'ny Avaratra iray manontolo, ary koa ireo Imazighens vitsivitsy (Berbers), ireo Eropeana (Any Afrika Atsimo ny ankamaroany), sy Asiatika (avy India ny ankamaroany). Ny fifampikasohan'ireo vahoaka samihafa ireo no miteraka harena arakolotsaina betsaka. Fantatra maneran-tany ny Afrikana amin'ny mozikany, ireo fety fankalazany, ireo loko sy ny ara. Tsara laza noho ny fahalalaham-pony, ny faharetany, ny fanajany ny zokiolona sy ny herin'ny fianakaviana izy ireo. Anisan'ny loharanon-karena aty Afrika ireo.

### **Ny Fiangonana**

Mipaka lalina amin'ny tantarany ny fakan'ny fiangonana aty Afrika.

Araka ny efa hitantsika, mihanaka hatrany amin'ny fiatombohan'ny vahoaka Hebreo tany Egypta io lova io. Taonjato taona maro taty aoriana, toerana nialokalofan'i Jesosy Tompo zaza i Afrika, raha nandositra ny vono-olona nataon'i Heroda ireo ray aman-dreniny. Taorian'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, nihanaka hingana tany Etiopia sy ireo firenena Afrikana Avaratra hafa ny Filazantsara. Maro amin'ireo Fiagonana Zoky no Afrikana, anisan'izany ny Augustine. Mipaka lalina amin'ny tanin'ny kaontinanta Afrikana ny finoana Kristiana.

Vao tsy ela izay dia nahitana fiasan'ny Fanahy Masina nanerana ny kaontinanta. Tamin'ny taona 1900, nisy Kristiana 8 tapitrisa taty Afrika (10%ny mponina eo ho eo); amin'izao fotoana izao dia mihoaatra ny 350 tapitrisa io isa io, na 48%ny vahoaka Afrikana eo ho eo. Isan'andro, miampy olona 23000 eo ny fiagonana amin'ny alalan'ny fiterahana na amin'ny fiovam-po. Izay manome taha fitomboana isan-taona manakaiky ny 3%, izay ambony kely noho ny an'ny finoana Silamo eo amin'ny kaontinanta. Philip Jenkins, profesora amin'ny Fianarana Tantara sy ny Fivavahana ao amin'ny Penn State University dia milaza toy izao ny fiaatraikan'ity fitombon'ny Fiagonana betsaka dia betsaka ity:

Miaina ao anatin'ny fotoam-piovana iray eo amin'ny tantaran'ny fivavahana maneran-tany isika izao... Hatramin'ny taonjato lasa... ny ivo amin'ny tontolo Kristiana dia nikisaka nankaty Atsimo, nankaty Afrika, Asia, Amerika Latina. Ary ankehitriny aza, ny fiarahamonina betsaka Kristiana indrindra eto amin'ny planeta dia aty Afrika sy Amerika Latina no ahitana azy. .. Tsy ho ela dia ireo [kaontinanta roa ireo] no ho ivon'ny fivavahana Kristiana voalohany indrindra.

Ny fitombon'ny fiagonana any Afrika isan'andro dia mitsinjara toy izao: Evanjelika 6000, Pantekôtista 10000, ary ireo Kristianan'ny "Iraka lehibe" 7000. Ny fiagonana Evanjelika any Etiopia ankehitriny no hainga-pitombo indrindra noho ny firenena hafa rehetra eto an-tany. Ny isanjaton'ny Kristiana amin'ny totalin'ny vahoaka dia miovaova arakaraka ny firenena. Ao Kenya sy Ouganda, 80%ny mponina no mitonona ho Kristiana. Any Afrika Atsimo 73%, any Namibia 84% n'ny mponina no Kristiana (isanjato ambony indrindra eo amin'ny kaontinanta). Tena mahagaga izany. Porofo mazava amin'ny fiasan'ny Fanahy Masina izany ary fijoroana vavolombelona amin'ny asa fahafo-

Ny voany no hahafantarareo azy. Manoty voaloboka amin'ny tsilo va ny olona, na aviavy amin'ny songosongo? Dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamo voa tsara; fa ny hazo ratsy rehetra dia mamo voa ratsy. Ny hazo tsara tsy mety mamo voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamo voa tsara. Ny hazo rehetra izay tsy mamo voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo. Ka dia ny voany no hahafantarareo azy. (Mat.7:15,20)

Tahaka ny kalitaon'ny tany sy ny fakan'ny hazo mamaritra ny hatsaran'ny voa vokariny, dia toy izany ny hevitsika. Raha ny Fahamarian'ny Soratra Masina no mamolavola ny finoantsika sy ny fiheverantsika ka arak'izay no ataontsika, dia haneho ny porofon'ny fainana afaka sy sambatra ary salama ny vokatry ny fainantsika.

### Inona no atao hoe fomba fijery izao tontolo izao?

Rehefa miresaka ny amin'ny hoe fomba fijery izao tontolo izao isika dia miresaka ny amin'ny fitambaran'ny fomba fisainana sy ny fiheverana ao amin'ny sain'olona iray izay mamaritra ny fomba fijeriny ny zava-misy. Raha eo amin'ny vondron'olona manokana (fiarahamonina) dia ny hevitra mibahaha izay ananan'ny ankamaroan'ny olona avy amin'ny kolotsaina no izy.

Ny fijerintsika izao tontolo izao dia tsy mamaritra fotsiny ihany ny fomba fijerintsika izao tontolo izao fa ambonin'izany dia mamaritra ny karazana fiarahamonina na firenena hatsangatsika

Misy teny hafa ilazana ny fijery izao tontolo izao dia ny hoe "tantara lehibe". Ny "tantara lehibe" dia tantara izay manazava ny rehetra momba ny fainana. Ny fomba fijery izao tontolo izao dia miasa tahaka ny "software"n'ny solosaina izay mampandeha ny "hardware"n'ny fainantsika.

Manolotra ny fomba fijery tokana izao tontolo izao ny Baiboly izay mifanaraka amin'ny zava-misy marina. Ny fomba fijery ara-Baiboly izao tontolo izao no fomba fijerin'Andriamanitra izao tontolo izao, ary satria Andriamanitra no mpamorona sy mpihazona izao tontolo izao, dia ny fijeriny no tena manandanja indrindra sy tena izy. Fitambarana

## Fototry ny olana

Nahoana i Afrika no mbola tsy mandroso ara-materialy manoloana ireo fitahiana rehetra ananan'ny kaontinanta sy ireo fanampiana avy any ivelany rehetra izay mitobaka eo aminy? Ny valin'io fanontaniana io dia tsy dia misy idiran'ny loharanon-karena ara-materialy firy.

### Misy fiatraikany ny hevitra

Mety any amin'ny zavatra tsy azo tsapain-tanana ve ny fototry ny tsy fandrosoana eo amin'ny tontolo ara-materialy? Eny ny valiny. Ny hevitra no olana. Maneho fitsipika fototra iray ny Baiboly, "Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrary"(Oha.23:7). Marina amin'ny olona tsirairay ary koa amin'ny kolotsaina iray manontolo io fitsipika io. Ao amin'ny fiovan'ny fomba fisainana na ny fomba fijery izao tontolo izao no itoeran'ny fanalahidin'ny fanovana ara-kolotsaina. Ilay Evangelistra sy Apolojistra Francis Schaeffer dia nilaza hoe: "Mino aho fa ny olona dia mitovy amin'ny fomba fisainany. Ny safidy ataontsika ...no hamolavola ny lalankizoran'ny kolotsaintsika... sy ny fiainan'ireo zanatsika!" Mitovitovy amin'izay, Dr. Tokunboh Adeyemo, ny Filoha Mpanantanteraka ny Center for Biblical Transformation ao Nairobi, Kenya dia nanoratra hoe: "Ny finoana dia manomboka ao antsaina ary hita miasa ety amin'ny tontolo hitamaso... rehefa avy neken'ny saina." Misy fifandraisana eo amin'ny tontolo fizika sy arapanahy ary ny kolotsaina. Ny tontolo ara-panahy dia misy fiatraikany eo amin'ny tontolo fizika eo amin'ny lafiny ara-kolotsaina. Na raha atao amin'ny fiteny hafa dia: manangana fiarahanonina mitovy amin'ireo andriamanitra tompointsika isika.

Fampitahana ara-pambolena roa no maneho ny fifandraisana misy eo amin'ny hevitra sy ny tena fainana, miboiboika avy amin'izy ireo ny vokatry ny famolavolan'ny kolotsaina. Ny fampitahana voalohany dia ny amin'ny famafazana sy ny fijinjana hita ao amin'ny bokin'ny Galatiana. "Aza mety hofitahina hianareo; fa izay afafin'ny olona no hojinjainy" (Gal.6:7). Ny voa (hevitra, finoana) izay afafinao no hamaritra ny voa (fiatraikany eo amin'izao tontolo izao) izay ho jinjainao. Ny fanoharana faharoa dia hita ao amin'ny bokin'i Matio izay nitenenan'i Jesosy hoe:

izan-tenan'ireo misionera sy mpitarika fiangonana Afrikana. Antsoin'ny sasany i Afrika hoe ilay kaontinanta faran'izay betsaka niova fo indrindra eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Vetivety dia lasa hery mpandefa misionera i Afrika. Amin'izao fotoana izao, mihoatra ny 12000 ireo misionera Afrikana miasa miaraka amina masoivoho 600 mpandefa misionera. Mihoatra ny ampahaefany, manompo any amin'ny toerana samihafa kolotsaina aminy. Ireo fiaraha-miasa tahaka ny 'The Movement for African National Initiative' (MANI) dia manentana ny Fiangonana Afrikana hampiasa ny loharanon-karena eo ampe-latanany hanohanana ireo misiona mba hanatratra ireo foko samihafa eo amin'ny kaontinanta. Na dia miha lasa kaontinanta mpandefa misionera aza i Afrika dia mbola mandray misionera ihany izy. Mihoatra ny 17000 ireo misionera vahiny eto amin'ny kaontinanta amin'izao fotoana izao.

### Fifanoherana Mahavaky fo

Tena voatahy tokoa i Afrika. Mametraka azy ho faran'ny manankarena amin'ireo kaontinanta fito ireo loharanon-kareny natoraly. Manana lova sarobidy izy amin'ny maha toerana nipoiran'ny finoana Judeo-Kristiana azy. Anisan'ny hareny goavana ny mponiny. Amin'ny maha imago Dei azy, manana ny kapitaly anaty midadasika indrindra izy. Ny fitambaran'izy ireo dia manome karipetra maro loko amin'ny kolotsaina fahita maneran-tany. Ambonin'izany rehetra izany dia eo ny fahafaha-manao tsy misy ohatr'izany noho ny fitombon'ny fiangonana vao haingana.

Na dia eo aza ireo fitahiana sy harena tsy voatanisa ireo, mbola kaontinanta faran'izay iharan'ny fahantrana sy potika indrindra eto amin'ny planeta i Afrika. Izany no fifanoherana mahavaky fo izay maneloelo ny sain'ny Afrikana rehetra. Rehefa jerena ny tondro sy ny refy maneran-tany ny amin'ny fahantrana, manomboka taratra ny fivoaran'ny teo-java-misy manerana izao tontolo izao afa-tsye – ao Afrika. Ireo firenena toy ny Malaisie, Indonesia, Taiwan, Thailand ary Singapore izay nitolona tamin'ny fahantrana vao tsy ela akory dia efa mizotra ho amin'ny fahasalamana ara-ekonomika bebe kokoa ankehitriny. Ahoana ary no mahatonga an'i Afrika mihisatra? Amin'ny fizarana manaraka, hijery ireo fandrefesana maneran-tany ireo isika hitadiavana valiny amin'io fanontaniana io.

## Potika i Afrika!

Na dia eo aza ny hareny ara-materialy midadasika sy ny hareny araka mponina, kaontinanta faran'izay mahantha eto an-tany i Afrika. Anisan'ireo faran'izay tsy manana na inona na inona ny olony. Ny zaza teraka avy amina ray aman-dreny Afrikana mipetraka amin'ny tany Afrikana dia betsaka kokoa ny mety hahafaty azy mialoha ny fahadimy taonany noho ny zaza teraka amin'ny toeran-kafa eto amin'izao tontolo izao. Ny zaza Afrikana dia tsy ampy sakafo kokoa, mahantha kokoa, tsy mahay mamaky teny sy manoratra kokoa ary mety ho voan'ny aretina SIDA betsaka kokoa noho ny zaza teraka amin'ny toeran-kafa eto amin'izao tontolo izao. Io no antsoin'i Dr Tokunboh Adeyemo hoe "mastery"-n'i Afrika.

Ny mistery dia zavatra sarotra takarina na hazavaina. Lazaina fa faran'izay manankarena indrindra amin'ireo kaontinanta fito i Afrika nefo ny olony dia faran'izay mahantha indrindra. Afrika angamba no fonenan'ny taranak'olombelona voalohany nefo izy no faran'ny tsy mandroso indrindra. Nanandratra firenena sy olona ho amin'ny toerana ambony i Afrika sy ireo Afrikana nefo ny tanim-boalobony tsy voakarakara."

Alohan'ny hahafahan'ny Afrikana hanana fanantenana marina ny amin'ny ho avy, mila miatrika amim-pahamatorana ny zava-misy ankehitriny eo aminy izy. Hijery ny amin'ireo zava-misy maharary ireo avy amin'ny fijery samihafa isika. Voalohany, hijery ny marika ara-materialy (Material Indices) isika. Faharoa, hijery ireo marika tsy ara-materialy na azo antsoina koa hoe mariky ny fahafahana (Indices of Liberty) isika. Anisan'izany ny Fanondroana ny Habetsaky ny Kolikoly (Corruption Perception Index), ny Fanondroana ny Fahalalahana Ara-Ekonomika sy ny Fanondroana ny fahalalahana. Fahatelo, handinika ny lisitr'ireo Krizy 21 manieran-tany nomen'ny Firenena Mikambana isika.

### Ireo Marika ara-materialy

Misy karazany roa ny marika ara-materialy. Ny voalohany mampiasa tondro tokana handrefesana ny halalin'ny fahantrana eo amina firenena iray. Ny faharoa kosa mijery ny tondro mifangaro. Rehefa ampiarahana ireo dia manome sary an-tsaina ny amin'ny maha manankarena na mahantha ny firenena iray.

ireo zavatra ninoany, ny soatoaviny sy ny toetrary hita rehefa nitondra ny fanjakana anisan'izay jadona sy be kolikoly ary be fitantanana nepotistika izy.

Ny toetra tia kolikoly hita eo amin'ny mpitondra Afrikana maro, anaty sy ivelan'ny fiangonana dia taratry ny kolotsainan'ny kolikoly. Ny kolotsaina dia mandrakariva avy amin'ny fomba fanompoana. Ny kolotsain'ny kolikoly dia avy amin'ny fanompoana ireo andriamanitra samihafa izay azo tambatambazina amin-javatra. Koa alohan'ny ahahan'ny fiarahanonina hiova dia mila manompo ilay Andriamanitra izay tsy azo anaovana kolikoly izy (Deot.10:17).

### Mipaka hatrany amin'ny fototry ny olana.

Inona no fototry ny fahantrana aty Afrika? Zava-dehibe ny fomba hamaritanao ny hoe olana satria izany no hamaritra ny fomba hamahanao io olana io. Ireo izay mahita an'i Afrika ho "mahantra" dia tsy ahita ny hareny midadasika sy ny fitahiany maro. Ireo izay mahita fa ny tsy fahampian'ny loharanon-karena no olana voalohany indrindra dia hitady ny hanafatra loharanon-karena hatrany amin'ireo Tandrefana mba hamahana ny olana. Nefo na ny vola avy any ivelany na ny fahaizamao ara-teknika dia samy tsy hisy hahavaha ny olan'ny kaontinanta. Manaporofa ny fahamarinan'izany ny tantara. Ho an'ireo izay mametra ny fototry ny olan'i Afrika amin'ny zavatra toy ny mpitondra tsy mahay, politika feno kolikoly, tsy fetezan'ny fotodrafitsara, ny tsy fahaiza-mamakiteny sy manoratra mihanaka, na ny rafitra are-ekonomika tsy marina, dia izao no avalinay izany: tena olana lehibe tokoa ireny saingy tsy mbola nangady lalindalina kokoa amin'ny fandinianao ianao. Ireo lazainao ireo dia soritraretina fa tsy ny fototra mahatonga ny aretina.

Tsy ara-materialy ny fototry ny olana, ary tsy any ivelan'ny kaontinanta ihany koa. Ny fototry ny olana dia ao anatin'ny sain'ny olon'ity kaontinanta ity.

niparitaka no nahatonga io fiovana goavana io. Raha afaka mitranga izany tany Eropa, dia toa ampianarin'ny tantara amintsika fa afaka mitranga koa izany aty Afrika.

### Ny fitondrana

Maro ny olona no milaza fa ny olan'ity kaontinanta ity dia azo tarafina amin'ny tsy fahaizan'ny mpitondra, na mpitondra amin'ny faritra izany na amin'ny foko na ny fiangonana na ny firenena. Matetika no avy any ambony no midina ny fomba fitondrana ary azo lazaina ho manjaka-zaka sy manao didikofehy lehibe. Fomba fiaina mahazatra ny kolikoly sy ny tsolotra ary matetika dia ireo mpitondra no modelin'izany amin'ny firenena. Ny Nepotisma – mameetraka ny fianakaviana sy ny mpiray foko eo amin'ny toeram-pahefana, na dia tsy manana ny fahai-zana amin'izany akory aza izy ireo, dia fomba fitantanana sy fandraraharana fahita. Ireny rehetra ireny dia manohitra ny dingana ho amin'ny fampandrosoana sy ny fahafahana ary ny fahamarinana. Noho izany dia eny, tena antony mahatonga fahantrana izany.


Raha izany tokoa no izy dia tsy maintsy miaiky isika fa ny fitondrana ny firenena iray dia teraka avy amin'ny vahoaka. Ireo mpitondra dia taratry ny zavatra inoana, soatoavina ary toetran'ny fiarahamonina midadasika kokoa. Taratry ny kolotsaina ireo mpitondra, avy amin'ny tantaran'ny firenena ny fihetsika ataony. Raha tsy misy mpiaramonina maro izay miova, tsy hiova mihitsy ny fitarihana eo amin'ny firenena iray. Ny fon'ny mpitondra dia miloatra avy amin'ny fon'ny vahoaka. Nisy olona iray izay nilaza hoe: “te hanova izao tontolo izao (na ny firenena) avokoa ny tsirairay, nefo tsy misy na iray aza te hanova ny fon'olombelona.”

Avy amin'ny alalan'ny fanatonan'ny tsirairay ny hazofijalian'i Kristy ho famonjena azy irery ihany no hisian'io fiovana io. Eo irery no toerana ahafahan'ny fon'ny olombelona hiova. Saingy indrisy, tsy ampy ny fiovam-po. Tian'Andriamanitra hovaina koa ny saina. Maro ireo Kristiana izay tafakatra teo amina toerana ambony amin'ny fitondrana. Ohatra voalohany amin'izany ny Filohan'i Kenya, nandritra ny taona maro i prezida Moi, izay nitonona ho Kristiana, nitondra ny firenena faran'izay betsaka kolikoly indrindra manieran-tany. Nisy zavatra roa tsy nifanaraka teo amin'ny filazany ny finoany an'i Kristy sy

### Ny Harinkarem-pirenena sy ny Harinkarena Faobe

Ity kaontinanta ahitana mponina 12,9%ny mponina manieran-tany ity dia mamokatra latsaka kely ny 2%ny harinkarem-pirenena manieran-tany. Ny 20%ny mponina manieran-tany izay mahantra indrindra dia mamokatra 0,1%ny Harinkarena Faobe. Ny 17 amin'ny firenena 21 faran'izay mahantra eto an-tany raha alahatra araka ny Harinkarena Faobe isambatan'olona latsaka ny 1000\$ isan-taona, dia ao Afrika. Tamin'ny taona 2000, ireo firenena nanana Harinkarena Faobe isambatan'olona ambany indrindra dia i Sierra Leone (126\$ US); Repoblika Demokratika an'i Congo (101\$ US), Burundi (101 \$ US) ary Etiopia (99\$ US).

Ity sary manaraka ity dia manome ny sarin'ny kaontinanta izay hafa tanteraka raha mifototra amin'ny habeny araka ny Harinkarena Faobe fa tsy amin'ny haben'ny velaran-taniny ny fampitahana. Inona no fana-marihana azo atao momba ny kaontinanta Afrikana?



Ity sary ity dia maneho ny faritra arakaraka ny Harinkarenay Faobe, loharanom-baovaon' ny World Factbook 2002, CIA (Sary avy amin'ny [www.geohive.com](http://www.geohive.com))

## *Taha-pahafatesan'ny zaza*

Ny taha-pahafatesan'ny zaza dia mandrefy ny isan'ny zaza maty isaky ny zaza 1000 teraka alohan'ny faha-heritaonany. Satria ny zaza no faran'izay marefo indrindra amin'ny mambran'ny fiarahamonina, ny taha-pahafatesan'ny zaza dia fandrefesana tsara ny fahasalamana ankaboney ny firenena iray. Aty Afrika, ny taha-pahafatesan'ny zaza dia anisan'ireo tondro vitsy izay mandroso amin'ny lalana pozitifa. Ny taha-pahafatesan'ny zaza Afrikana dia nihena 103 ho 85 teo anelanelan'ny 1985 sy 2000. Fa raha ampitahana amin'ny salanisa maneran-tany izay 50.3 isaky ny fahaterahana miisa 1000, dia mbola ambony lavitra ihany. Ny taha-pahafatesan'ny 'latsaka ny dimy taona' dia mandrefy ny isan'ny zaza maty alohan'ny faha-dimy taonany amin'ny fahaterahana miisa 1000. Ny taha-pahafatesan'ny latsaka ny dimy taona an'i Afrika manontolo dia mijanona eo amin'ny 148. Izany hoe zaza 148 amin'ny 1000 (efa ho ny 15%) izay velona eo am-pahaterahana no maty alohan'ny hatratrarany ny fahadimy taonany, matetika noho ny aretina na tsy fanjarian-tsakafo. Ampitahao amin'ny taha-pahafatesan'ny latsaky ny dimy taona manerana izao tontolo izao izay 81.

## *Faharetam-pahavelomana sy fahaiza-mamaky teny sy manoratra*

Aty Afrika ny faharetam-pahavelomana amin'ny ankapobeny dia nilatsaka avy tamin'ny 51 taona nankany amin'ny 50 taona tamin'ny 2000. Ary raha amin'ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra, firenena 29 amin'ny 42 izay manana tahan'ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra ambany indrindra eto amin'izao tontolo izao dia hita aty Afrika.

## *Tahan'ny otrik'aretina VIH*

Ouganda no toerana nipoiran'ny aretina mifindra VIH/SIDA. Tamin'ny taona 1999, ny 70% n'ny trangan'aretina SIDA dia tany Afrika avokoa, izay ahitana olona 6000 matin'io aretina io isan'andro. Tamin'ny taona 2000 dia nisy antontanisa milaza fa ny isan'ny Afrikana mitondra ny tsimok'aretina dia miisa 25.000.000 ary nahitana zaza kamboty 12,25 tapitriza manerana ny kaontinanta vokatry ny fahafatesan'ireo ray amandreniny noho ny SIDA. Ankehitriny, misy ny sasany maminavina ny isan'ny Afrikana mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA ho manodidina ny 28,5 tapitriza eo.

*Firenena Mahantra Vesaran-trosa*

omamiadana eo amin'ny fiainana ara-ekonomikan'ny firenena iray.

## **Fahantrana**

Ny ankamaroan'ny olona maneran-tany dia mandray an'i Afrika ho mahantra – anisan'izany ny Afrikana maro. Marina fa mitolona amin'ny fahantrana i Afrika nefa lavitra amin'ny atao hoe mahantra izy. Mazàna isika dia tsy maka lesona avy amin'ny tantara. Talohan'ny Reformasiona Eropeana taonjato faha-16, dia zary "nahantra" avokoa izao tontolo izao, anisan'izany Eropa iray manontolo. Izao no nosaratan'i Andrew Bernstein, profesora mpanampy tamin'ny filozofia tao Pace University:

Ny ankamaroan'ny olona dia nanadino fa i Eropa talohan'ny fisian'ny industria dia nahantre lavitra noho i Afrika ankehitriny ary nanana taha-pahavelomana ambany dia ambany. Na dia ny firenena tahaka an'i La Frantsa aza dia notombanana ho tratten'ny mosary lehibe miisa fito teo tamin'ny taonjato faha-15, telo ambin'ny folo tamin'ny taonjato faha-16, iraika ambin'ny folo tamin'ny taonjato faha-17 ary mosary enina ambin'ny folo tamin'ny taonjato faha-18. Ary betsaka ny aretina. Noho ny tsy fisian'ny fahadiovana dia nisy ny aretina pesta, ny tifoidra sy ny aretina hafa mateti-pahazo tamin'ny taonjato faha-18, izay nahafaty ampolony, indraindray an-jatony amin'arivo isaky ny mandeha.

Azo vinavinaina mialoha ny fiatratrakany teo amin'ny taha-pahavelomana. Tamin'ny faritra sasany tao la Frantsa tamin'ny fisasahan'ny taonjato faha-17, ny 58% n'ny olona ihany no mahatratra ny faha 15 taonany, ary 20 taona no taha-pahavelomana. Tany Irlande, teo amin'ny 19 taona teo ny taha-pahavelomana tamin'ny taona 1800. Tao Londre tamin'ny fandohan'ny taonjato faha-18, mihoatra ny 74% n'ny zaza no maty alohan'ny hatratrarany ny faha-dimy taonany.

Avy eo dia nisy fiovana goavana nitranga tany Eropa. Nitombo avo roa heny ny isan'ny mponina tao Angletera teo anelanelan'ny 1750 sy 1820 ary nilatsaka 31.8% ny taha-pahafatesan'ny zaza tamin'ny 1830. Nisy zavatra nitranga nahatonga ny olona ho velona.

Ny Reformasiona sy ny fomba fijery vaovao ny asa izay nanomboka

Azo vahana ny olan'ny tsy fitoviana firazanana. Ny firenena Suisse dia ahitana olona maro samihafa firazanana ary simban'ny fizarazarana ara-poko taloha. Nefo ankehitriny, ny mponina Alemana, Frantsay, Italiana, sy Romana ary Suisse dia miara-monina am-pilaminana sy manome modely ny amin'izany hoe firenena misy olona maro samihafa firazanana tsy mikorontana fa mandry fehizay. Tsy misy antony tokony tsy hampety izany modely izany amin'ireo firenena ahitana olona maro samihafa firazanana aty Afrika.

### Ny kolikoly

Ny kolikoly, tahaka ny adi-poko dia anisan'ny olana lehibe izay atrehin'i Afrika. Misy olona sasany milaza fa ny fototry ny kolikoly dia hatrany amin'ny finoana Animistika izay ahitana ireo andriamanitra maron'ireo foko samihafa izay mila tambatambazina mba hahazoana sitraka. Raha marina izany dia mila vahana hatrany amin'ny fotony ny olan'ny kolikoly, dia ny fanompoan-tsampy toy ny finoana andriamaninkafa soloina ho fanompoana ilay Andriamanitra Marina izay tsy azo tambatambazina amin-javatra (Deo.10:17). Ny fiovampon'ny kristiana dia tokony ampiarahina amin'ny fanabeazana ny fisainana. Tsy maintsy fongorina ny finoanoam-poana sy ny finoana ny razana izay efa niorimpaka ka soloina amin'ny fomba fijery izao tontolo izao ara-Baiboly marina.

Azo antoka fa tsy irery i Afrika amin'ity ady amin'ny kolikoly ity. Maro ireo firenena miatrika izany fanamby izany, fa tsy mitovy hahavo amin'ny hita aty Afrika. Ary koa tsy mitovy avokoa ny kolikoly rehetra. Manisy fahasamihafana eo amin'ny "kolikoly mamokatra" sy ny "kolikoly manimba" i Richburg. Nanoratra traikera samihafa ny amin'ny kolikoly any Nigeria sy Indonesia izy:

Any Indonesia mety hahazo ny tolobidy amin'ny fanamboarana ny lâlana ny zanakavavin'ny filoha... nefo tena vita ny lâlana ary manamora ny fifamoivoizan'ny fiara izany. Any Afrika, ny lâlana dia tsy vita mihitsy. [izay no] fahasamihafana misy eo amin' ny "kolikoly mamokatra" sy ny "kolikoly manimba."

Misy fifandraisany ara-tantara eo amin'ny firenena izay faran'ny marina sy ireo miaina anaty fandrosoana ara-ekonomika ambony indrindra. Ny mifanohitra amin'izay koa dia marina. – arakaraky ny habetsaky ny kolikoly ny habetsaky ny fahantrana. Ny kolikoly manimba dia

Taona vitsivitsy lasa vao tsy ela, nisy hetsika natao mba hanamaivana ny vesatra mahazo ireo firenena vesaran-trosa indrindra. Firenena 42 no voafidy tamin'izany. Ka ny 30 tamin'izy ireo (81%) dia firenena aty Afrika avokoa. Raha ampitahana dia efatra avy ao Amerika Latina, ny telo avy ao India ary ny faritra Atsinanana Afovoany misy iray.

### Ireo tondro mifangaro

Ny tondro mifangaro dia mandrefy ny zavatra mahakasika ny fahasaman'ny firenena. Noho izany dia neverina izy io fa marina kokoa sy azo an-tsaina kokoa noho ny marika tokana izay vao noresahina teo.

#### *Ny Tondro-pandrosoan'ny Mponina*

Ny Tondro-pandrosoan'ny Mponina dia miezaka mandrefy ny kalitaom-piainan'ny olona. Ny Firenena Mikambana no nanao azy io tamin'ny alalan'ny PNUD ka mandrefy lafin-javatra efatra: taha-pahavelomana, tahan'ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra, tahan'ny fahatraran'ny olona fianarana (amin'ny taona) ary fidiram-bola marina. Tamina firenena miisa 174 no nanaovana ny fanadihadiana. Ny 33 tamin'ireo firenena manana Tondro-pandrosoan'ny Mponina ambany indrindra dia any Afrika avokoa.


## Tondro-pandrosoan'ny Mponina

Tondro-pandrosoan'ny Mponina ambony indrindra	Tondro-pandrosoan'ny Mponia ambany indrindra
Norvege	163. Cote d'Ivoire
Suède	164. Zambie
Australie	165. Malawie
Canada	166. Angola
Pays Bas	167. Chad
Belgique	168. Rep. Dem. du Congo
Islande	169. Rep Centrafricaine
Etats Unis	170. Ethiopie
Japon	171. Mozambique
Irlande	172. Guinée-Bissau
Suisse	173. Burundi
Royaumes Unis	174. Malie
Finlande	175. Burkina Faso
Australie	176. Niger
Luxembourg	177. Sierra Leone

### Ny Tondro ny amin'ny Firenena tsy mandroso indrindra

Ity fanondroana ity, izay navoakan'ny Kaonferansan'ny Firenena Mi-kambana ny amin'ny Varotra sy ny Fampandrosoana (UNCTAD) dia mijery ireo Harinkarena Faobe isan-taona, ny kalitaom-piainana, ary ny tanjaka ara-ekonomika. Ny 34 amin'ny 50 amin'ireo firenena faran'i-zay "tsy mandroso indrindra" dia aty Afrika.

amin'ny firenena hafa, izay kely kokoa sy matetika betsaka mponina ary mahantara amin'ny loharanon-karena.



Aiza amin'ireo Chine telo ireo no hipetrahan'ny olona bebe kokoa? Ny ankamaroany dia mety hisafidy an'i Taiwan na i Hong Kong izay misy mponina betsaka kokoa noho izay manana velaran-tany malalaka kokoa. Nahoana? Satria ny fari-piainana any dia ambony kokoa, na eo aza ny habetsaky ny mponina isaka km toradroa sy ny tsy fahampian'ny loharanon-karena natoraly fototra.

### Ny adi-poko

Ny adi-poko aty Afrika dia olana lehibe sy tena mahatonga fahantrana. Misy lafiny hafa koa anefa izy ity. Anisan'ny harena lehiben'i Afrika ny harena ara-kolotsaina sy ny fahasamihafana ara-poko ao aminy. Tsy ny fahasamihafana ara-poko no olana. Fa ny toetran'ny foko sasany mihevitra ho ambony noho ny foko hafa no fototry ny olana.

Taona	Afrika Avaratra	Afrika Sub-Saharien	Totalin'ny Kaontinanta
1992	5,127	17,902	23,029
1993	3,653	16,869	20,522
1994	3,592	18,018	21,610
1995	2,502	15,508	18,310
1996	2,846	13,977	16,823
1997	2,649	13,770	16,418
1998	2,837	13,564	16,401
1999	2,491	12,394	14,886
2000	2,168	13,397	15,585
2001	2,393	14,206	16,598

Raha toa ka tena ilaina ny fanampiana sy ny fanohanana avy any ivenany amin'ny fanafoanana ny fahantrana dia tokony ho isan'ireo kaontinanta faran'izay mandroso indrindra eto an-tany i Afrika. Ary satria tsy izany no zava-misy dia mila mameatra-panontaniana ny amin'ireo antony voalaza fa fototry ny fahantrana isika. Indrisy fa toa tsy mitranga izany. Mbola mitohy mikorina hatrany aty Afrika ny reniranon'ny fanampiana vahiny.

### Ny fahabetsahana tafahoatra amin'ny isan'ny mponina

“Ny fahabetsahan’ny isan’ny mponina” dia anisan’ireo valiteny omen’ireo elita Tandrefana rehefa anontaniana ny amin’ireo anton’ny fahantrana sy tsy fandrosoana aty Afrika izy ireo. Milaza izy ireo fa betsaka loatra ny isan’ny olona – farafahakeliny amin’ny faritra sasany amin’ny kaontinanta – raha ny loharanon-karena fototra ilaina ho amin’ny fari-piaianana tsotra indrindra no jerena. Na dia efa nolazaintsika imbetsaka aza, Afrika dia tena manankarena amin’ny lafiny loharanon-karena natoraly- ary raha ampitahaina amin’ny faritra hafa miroroboro kokoa, dia azo lazaina fa tsy betsaka mponina izy. Tadidio ilay sary any amin’ny fiandohan’ity boky ity izay maneho topimaso ny kaontinanta Afrikana miaraka amin’ireo firenena hafa. (p.10). Mampiseho io fa tena midadasika ara-jeografika i Afrika raha oharina

### Saritanin’ireo firenena 50 faran’izay tsy mandroso indrindra (UNCTAD)



Araka ny UNCTAD “Ny antsasaky ny mponina na mihoatra amin’ireo firenena 50 faran’izay tsy mandroso indrindra dia miaina amin’ny tokonan’ny fahantrana na latsak’izany dia 1 dolara isan’andro.” Ary zavatra tena mampalahelo sy mahatsikaiky dia ny Repoblika Demokratikan’i Congo izay anisan’ireo firenena faran’izay manankarena amin’ny lafiny harena natoraly dia 90%ny mponiny no miaina latsaky ny tokonan’ny fahatrana.

### Ny Tondro ny amin’ny fijalian’ny mponina

Ny Tondro ny amin’ny fijalian’ny mponina dia navoakan’ny ‘Population Crisis Committee’ tany ‘Washington D.C’. Mampiasa fitsipika folo izy hamantarana ny firenena misy fijaliana be indrindra. Anisan’izany ny taha-pahavelomana, ny tanjaky ny sakafio isan’andro, ny fahazoana rano fisotro madio, ny fanaovam-baksiny ny zaza, ny finanarana ambaratonga faharoa, ny Harinkarena Faobe isambatan’olona, ny tahan’ny fiakaran’ny vidim-piaianana, ny serasera, ny teknolojia, ny fahalahahaha ara-politika, ny zon’olombelona. Firenena miisa 141 no noraisina. Amin’ireo firenena 30 nosokajiana ho isan’ireo “mizaka fijaliana be indrindra”, ny 24 dia aty Afrika. Ireo enina sisa dia ao Asia.

Ireo marika rehetra ireo dia manazava tsara fa misy zavatra mifanohitra ao, ilay kaontinanta faran’izay manankarena amin’ny lafiny

ara-loharanon-karena materialy dia faran'izay mahantre sy tsy manana na inona na inona koa - zavatra tena mampalahelo izany.

### Ireo marika tsy ara-materialy

Fanampin'ireo marika ara-materialy dia maro ireo marika "tsy ara-materialy" izay miteraka ny fahantrana ara-materialy. Ireo marika ireo dia azo antsoina koa hoe "mariky ny fahafahana." Mandray mari-pandrefesana hafa toy ny kolikoly, ny fahalalahana ara-ekonomika sy ara-politika izy.

### Ny Tondron'ny kolikoly


Ny Tondron'ny kolikoly dia navoakan'ny "German based Transparency International" ary miezaka mandrefy ny habetsaky ny kolikoly eo amin'ny firenena araka ny tsapan'ny olona mpandraharaha, ny olona nandia fianarana, sy ny mpandinika matihanina. Fitambarana fanadi-hadiana miisa 15 io fanondroana io izay natambatra ho amina rafitra sivy samihafa. Firenena 102 no nojerana ka nalahatra araka ny fahadiovana ara-kolikoly ambony indrindra (10) sy fahadiovana ara-kolikoly ambony indrindra (0). Ny 52 amin'ireo firenena nanaovana ny fanadi-hadiana dia hita fa faran'izay ambony indrindra amin'ny fahadiovana ara-kolikoly. Ka ny 16 amin'izy ireo dia firenena Afrikana.

### Ny Tondron'ny kolikoly

Lah.	Firenena	2004	Lah.	Firenena	2004
1.	Finlande	9.7	90.	Gambie/ Malawi/ Mozambique/...	2.8
2.	Nouvelle Zealand	9.6	97.	Algerie / Liban/ ...	2.7
3.	Danemark & Islande	9.5	102.	Eritré/ Ouganda/ Zambie	2.6
4.	Singapore	9.3	108.	Albanie/ Lybie/...	2.5
6.	Suède	9.2	112.	Equateur &Yemen	2.4
7.	Suisse	9.1	114.	Congo/ Ethiopie/ Sierra Leone/ Zimbabwe	2.3
8.	Norvège	8.9	122.	Niger/ Soudan/ ...	2.2
9.	Australie	8.8	129.	Cameroun/ Kenya/ ...	2.1
10.	Pays Bas	8.7	133.	Angola / R.D.Congo/ Cote D'Ivoire/ 2.0	
11.	Royaumes Unis	8.6	140.	Azerbaijan & Paragway	1.9
12.	Canada	8.5	142.	Tchad & Myanmar	1.7
13.	Autriche& Luxembourg	8.4	144.	Nigeria	1.6
14.	Allemagne	8.2	145.	Bangladesh/ Haïti	1.5
15.	Hong Kong	8.0			
16.	Belgique/Irlande/ USA	7.5			

Misy ny sasany milaza fa mijaly noho ny tsy fahampian'ny fanohanana vahiny araka ny tokony ho izy i Afrika. Raha ny marina dia i Afrika no nahazo fanampiana vahiny isambatan'olona ambony indrindra mihoatra ireo faritra hafa eto an-tany. Mety ho toy ny zavatra tsara izany saingy mety mamitaka ihany. Ny fikasan'ireo mpanome fanampiana vahiny izay mendri-piderana tokoa dia ny hampihena ny fahantrana sy hanome tanana ny fampandrosoana. Saingy ankoatr'ireo firenena vitsy dia vitsy miavaka dia ny mifanohitra amin'izay fihezahana ny hampandroso izay no nitranga. Amin'ny tranga maro dia niteraka fahantrana sy tsy fandrosoana ny fanampiana vahiny. Ny vola sy ny loharanon-karena nito-baka tany Afrika avy tamin'ireo firenena tandrefana dia niteraka fiatrakany tsy noheverina dia ny fiankinandoha sy nanamafy orina ny toetsaina "fatalista"efa nisy hatrizay teo amin'ny fomba fijery Animistika sy Islamika izao tontolo izao eo amin'ireo Afrikana.

Teo anelanelan'ny taona 1980 sy 1988, dia nahazo fanampiana avy tany ivelany mitentina 83 lavitriza dolara amerikana i Afrika Sub-Saharanien. Na izany aza, nandritra io vanim-potoana io ihany dia nihena ny fari-piainana sy ny Harinkarena Faobe tao amin'io faritra io. Ny Tondro ny Fandrosoana Afrikana nataon'ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ny taona 2003 dia mampiseho ny fanampiana amin'ny fandrosoana nomena ny kaontinanta teo anelanelanen'ny taona 1992 sy 2001 amin'ny tapitrisa dolara amerikana:



Izao indray dia andeha hampitaha firenena roa izay azo lazaina fa manankarena amin'ny lafiny loharanon-karena isika dia ny Repoblika Demokratikan'i Congo (firenena angamba faran'izay manankarena indrindraeto amin'izao tontolo izao amin'ny lafiny loharanon-karena natoraly) sy Holland. Mariho ihany koa fa i Congo dia manana isan'ny mponina im-18 latsaka noho i Holland. Raha misy fifandraisana eo amin'ny loharanon-karena sy ny fandrosoana ara-ekonomika dia tokony handroso kokoa noho i Holland i Congo saingy samihafa lavitra amin'ny izany no zava-misy.

Mampalahelo izany nefà dia marina, mihanaka ny kolikoly manerana an'i Afrika. Amin'ny firenena tahaka an'i Repoblika Demokratika an'i Congo sy Nigeria, ny habetsaky ny vola nangalarin'ireo mpitondra manao kolikoly dia mila hitovy amin'ny totalin'ny trosan'ny firenena. Anisan'ireo olona mpanankarena indrindra maneran-tany ireo mpitondra fanjakana Afrikana. Araka ny faminavinan'ny "United Nations Economic Commission", eo amin'ny 148 Lavitrira Dolara no kaontim-bola miafin'ireo mpitondra fanjakana Afrikana. Izany dia eo amin'ny atsasaky ny 300 Lavitrira Dolara izay trosan'ny Afrika amin'ny firenena vahiny. Amin'ny bokiny mitondra ny lohateny "*A Black Man Confronts Africa*", ilay mpanao gazetin'ny Washington Post Keith Richburg dia milaza ny fahitany ny zava-misy rehefa avy nanao ny asa fanaovan-gazety nandritra ny telo taona tany amin'ny kaontinanta izy.

Ho eo mandrakariva ireo Lehilahy Matavy, miavonavona, mirehareha, manararaotra ny fanampiana avy any ivelany. Mbola banana ny lapany vita amin'ny vatosoa any an'ala sy ny kaontim-bola any amin'ny banky Suisse, ireo "villa" maro any avaratr'i La Frantsa, sy ny trano amin'ny 'avenue Foch ao Parisy. Hanana ny fiara maro "limousines Mercedes" sy ny fiaramanidiny manokana izy ireo. Hanangana fiangonana miaraka amin'ireo mitovy aminy ary ny rindriny asiany ny sarin'ireo apostoly, ary hanangana Universite mitondra ny anarany izy ireo nefà ny mpianatra ao dia tsy mahavidy boky sy tsy an'asa akory rehefa mivoaka ao. Ampitaovany bôty mamiratra ny tafiny ary fitaovalam-piadiana nivoaka farany ireo hery mpiambiny, nefà ny hopitaly tsy manana fanjaitra fanindronana sy bandazy intsony... Hoy i Richburg mamarana izany: "Ny kolikoly dia homamiadana mikiky ny fanjakana Afrikana hatrany anatiny."

#### *Ny Tondro ny fahalalahana ara-Ekonomika*

Ity Tondro ity dia nangonin'ny "The Heritage Foundation and the Wall Street Journal". Nampiasa fanalahidy folo nanoro ny endrika ara-ekonomika ary nanadihy firenena 154 izy. Amin'ireo firenena 16 manana fahalalahana ara-ekonomika ambony indrindra dia tsy misy na iray aza avy aty Afrika. Amin'ireo firenena 71 manana tahapahalahana ambany indrindra kosa dia ny 30 avy aty Afrika avokoa.

#### *Ny Tondro ny fahalalahana*

Tsy tahaka ny Fahalalahana ara ekonomika izay ahitana ny fahalala-

Tsy manatra noho ny tsy fahampian'ny loharanon-karena natoraly i Afrika - fa manatra izy na dia eo aza ny fananany ny loharanon-karena fototra betsaka indrindra eto an-tany.

**Fanampiana vahiny tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy.**

han'ny orinasa, ny Tondro ny fahalalahana dia mijery ny zo ara-politika sy ny fahafahana ara sivily amin'ny firenena 191. Ny valin'ny fanadi-hadiana dia maneho fa firenena 88, ahitana firenena Afrikana 11, no "malalaka." Firenena 55, ahitana firenena Afrikana 21 no "malalaka amin'ny ampahany." Ary firenena 40 ahitana firenena avy aty Afrika 20 no "tsy malalaka."

Ireo marika tsy ara-materialy telo ireo dia maneho ny tsy fahampian'ny fahalalahana ara-ekonomika sy ara-polotika amin'ny ankabony ary tahan'ny kolikoly ambony tokoa manerana ny kaontinanta an'i Afrika. Manan-danja avokoa ireny rehetra ireny hanazavana ny hahavon'ny fahantrana sy ny fahorian'ny vahoaka aty Afrika.

### **Ireo krizy 21 maneran-tany efa zary hadino**

Miisa 21 ireo krizy maneran-tany notsongain'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana Kofi Annan, izay mahazo ny mponina miisa 45 tapitriza. Mampalahelo fa ny 17 amin'ireo krizy ireo dia hita aty Afrika. Hatramin'ny taona 1960 dia mihoatra ny 245 tapitriza ny mponina aty Afrika no voan'ny mosary. Antsoina hoe ilay kaontinanta « Traumatisé » i Afrika.

Raha jerena ny ady koreana sy ny ady tany Vietnam, efa saika potika tanteraky ny Ady Mangatsiaka ireo firenena ireo nefo ankehitriny dia samy mizotra ho amin'ny fiherenan-doha izy roa ireo. Anisan'ny firenena faran'izay mandroso eran-tany i Korea ary i Vietnam na dia mbola voasokajy ao anatin'ny firenena andalam-pandrosoana aza dia ahitana fandrosoana betsaka ara-ekonomika noho ireo orinasany afakaba niorina vao haingana.

### **Ny tsy fahampian'ny Loharanon-karena Natoraly**

Na dia taona maro taorian'ny fanjanahantany aza dia mbola kaontinanta manankarena indrindra maneran-tany amin'ny lafiny harena natoraly i Afrika. Araka ny efa notsindriantsika dia ny famoronana sy ny fikarohan'ny olombelona no tena miteraka ny harena natoraly. Ny solika tsy mbola voahodina ohatra dia toy ny menaka mainty fotsiny ihany talohan'ny nahitan'ny olombelona fomba fampiasana azy izay miteraka fidiram-bola ara-ekonomika sy ara-barotra. Ohatra iray hafa ny fasika. Raha amin'ny maha fasika azy fotsiny dia toa tsy misy ilaina azy izy. Fa rehefa ampiarahina amin'ny fahaizan'ny olombelona dia mivadika ho zavatra manan-danja toy ny fitaratra, "silicon" amin'ny solosaina. Noho izany ny fahaizan'ny olombelona sy ny fikarohany na ny famoronany dia fanalahidy mamoha ny firoboroboana ara-ekonomika. Tsy mivoaka amin'ny tany tsy akory ny loharanon-karena fa avy amin'ny fanovan'ny sain'olombelona.

Mba hanazavana izany dia andeha hijery firenena roa izay raha jerena dia samy tsy manana loharanon-karena natoraly firy isika. Ny iray anefa manankarena ary ny iray mahantara. Inona no mahasamihafa azy ireo?

Somalia sy Japon dia samy firenena tsy ampy loharanon-karena natoraly raha oharina amin'ny firenena hafa maneran-tany. Manana lesoka iray fanampiny koa i Japon. Manana isan'ny mponina isaky ny km toradroa in-26 ambony noho i Somalia izy. Raha toa ka misy fifandraisany avy hatrany eo amin'ny loharanon-karena natoraly ny isan'ny mponina ary ny firoboroboana ara-ekonomika dia tokony ho mahantara indrindra i Japon. Saingy nampiasain'i Japon ny loharanon-kareny manan-danja indrindra dia ireo vahoaka Japone izany. Ankehitriny dia anisan'ireo firenena manankarena indrindra eto an-tany izy.

voazanaka ny firenena iray dia midika izany fa hahantra izy ankehitriny. Maro amin'ireo firenena faran'izay manankarena no voazanaka teo aloha. Anisan'izany ohatra i Australie, Canada, Nouvelle Zealand, Etats Unis ary Hong Kong. Fanampin'izany, ny sasany amin'ireo firenena faran'izay mahantra dia tsy voazanaka mihitsy- toy i Afghanistan sy Thailand raha tsy hanonona afa-tsy roa. Maro tamin'ireo firenena Aziatika izay vetivety dia nandroso no niara nahazo fahaleovantena tam'in'ireo firenena Afrikana maro avy tamin'ireo mpanjanaka Europeana. Anisan'izany Malaisie, Singapore, Indonesia sy Vietnam. Ankehitriny Singapore dia isan'ireo firenena faran'izay manankarena indrindra eto an-tany. Malaisie, Indonesia ary Vietnam dia samy manomboka manana ekonomia miroborobo sy mandroso faingana. Ilay Ekonomista Afrikana-Amerikana Walter Williams dia nanoratra hoe:

Talohan'ny fahaleovantena dia samy nahaleotena ara-tsakafo ireo firenena Afrikana tsirairay; ankehitriny dia miankina amin'ny sakafio hafarana ny ankamaroan'izy ireo ary ny sasany aza dia efa amoron'ny mosary. Tamin'ny fotoan'ny fahaleovantena dia teo amin'ny 3% teo ny salanisan'ny fandrosoana teo anivon'ny firenena Afrikana. Tamin'ny taona 1980 dia nilatsaka ho 1% izany ary tamin'ny 1990 dia miiba 2,8% izany.

Tamin'ny fotoana nahazoan'i Ghana sy Ouganda ny fahaleovantenary dia samy nanana harinkarem-pirenena ambony noho i Korea Atsimo izy ireo. Tamin'izany fotoana izany dia tena nahantre i Korea Atsimo. Ny hany tena zavatra fanondrany dia volon'olona hatao fihogo na borosy. Nitondra fahasamihafana goavana ny 40 taona. Ankehitriny Korea Atsimo dia iray amin'ireo manana ekonomia mandroso haingana indrindra, raha mbola sahirana kosa i Ghana sy Ouganda. Mazava fa tsy voatery miteraka fahantrana mitohy ny fanjanahantany araka ny ohatra naseho teo.

### Ny Ady Mangatsiaka

Maro amin'ireo mpitondra Afrikana no manome tsiny ny Ady Mangatsiaka amin'ny olana mahazo an'i Afrika ankehitriny. Marina fa tsy rariny ny nanaovan'ny Etazonia sy ny Sovietika an' i Afrika ho haza. Marina fa matetika no latsaka tao anatin'ny tosika nataon'ireo hery lehibe tamin'izany fotoana izany ireo loham-panjakana Afrikana. Saingy ny tena sahan'adin'ny Ady Mangatsiaka dia tsy Afrika loatra fa i Asia.

Firenena na faritra	Krify
Angola	Fahantrana noho ny ady, mpitsoam-ponenana
Burundi	Ady an-trano
Rep. Centrafricaine	Fahantrana noho ny ady, tsy filaminana ara-politika
Chechenie	Ady
Rep. Dem.Congo	Ady
Eritrea	Tsy fisian'ny sakafio, hain-tany
Regions des Grands Lacs	Ady, mpitsoam-ponenana, SIDA
Guinée	Mpitsoam-ponenana, fahantrana
Libéria	Fahantrana noho ny ady
Corée du Nord	Mosary
Sierra Leone	Fahantrana noho ny ady
Somalie	Fanjakana tsy mahomby
Afrique du Sud	SIDA, fahantrana
Soudan	Ady an-trano
Tajikistan	Fahantrana noho ny ady
Tanzanie	Mpitsoam-ponenana
Ouganda	Mpitsoam-ponenana, haintany, ady
Bank de l'Ouest & Gaza	Ady, fahasimbana ara-ekonomika
Afrique de l'Ouest	Ady, mpitsoam-ponenana
Zimbabwe	Fahapotehana ara-ekonomika

Hatramin'ny 1970 dia ady samihafa miisa eo amin'ny 30 eo no nitranga tany Afrika. Ny ankamaroany dia ady noho ny fitadiavana seza ao anatin'ny firenena iray fa tsy ady amin'ny firenena hafa. Ohatra amin'izany i Soudan, izay nisiana olona mihoatra ny 2 tapitrisa maty noho ny ady an-trano naharitra 17 taona be izao. Nandritra ny ady an-trano naharitra 25 taona tany Angola dia teo amin'ny 500 000 teo no maty. Tamin'ny vono-olona nandritra ny telo volana tao Rwanda dia olona 1

000 000 no maty (ny 1/9n' ny mponiny teo ho eo) ary ny 2 na 3 tapitrisa teo no lasa nitsoam-ponenana. Tamin'ny faran'ny taona 2003 dia teo amin'ny 4 tapitrisa teo ny mpitsoam-ponenana tao amin'ny kaontinanta. Hatramin'ny nisian'ny fahaleovan-tena ara-politika teto amin'ny kaontinanta dia fanonganam-panjakana miisa 56 nataon'ny tafika no nandaitra.

Ireo marika rehetra ireo dia fandrefesana, izay raha atambatra dia maneho sary ratsy tokoa ny amin'ny toe-java-misy aty Afrika ankehitriny. Mipaka lalina sady mihanaka ny fahasimbany. Ary na dia voatahy tokoa amin'ny lafny loharanon-karena aza i Afrika dia kaontinanta mbola mahatonga indrindra sy faran'izay potika eto an-tany izy ary mitaky fanazavana izany. Ny fanazavana izany dia tsy sarotra hita. Maro ny fanazavana efa natolotra sy mbola mitohy atolotra. Na dia maro amin'izy ireny aza no tsy mitombina rehefa lalinina tsara. Izao manaraka izao isika dia handinika sy hitsikera ny "fahendrena eken'ny maro" amin'ny fanazavana ny fahapotehan'i Afrika mialoha ny handrosoantsika valiny mitombina ny amin'ny anton'ny mahatonga ny fahantran'ny Afrika – valiny izay mitarika antsika ho amin'ny tena fenantenana marina sy ho avy tsaratsara kokoa."

## Ireo fialantsiny

Matetika loatra ireo mpitondra Afrikana no tsy mahavita miatrika ny zava-misy ny amin'ny fahapotehana lalina mahazo an'i Afrika. Taratry ny tsy fahombiazana eo amin'ny fitantanana midadasika kokoa izany. Maro amin'ireo mpitondra Afrikana no misafidy ny toeran'ny voamafy toy izay miatrika ny krizy maro mahazo ny kaontinanta. Ny hery ivelan'ny kaontinanta no omena tsiny ny amin'ny olana mahazo an'i Afrika izany hoe ireo zavatra ivelan'ny fifehezana sy ny andraikitri'i Afrika. Marina fa misy zavatra ankabobeny mahatonga ny toe-java-misy eto Afrika ankehitriny. Izany fahamarinana izany koa dia mila atrehina. Na izany aza, ny olana amin'ny fifantohana fotsiny ihany amin'ny antony ivelany dia satria na ireo Afrikana aza dia lasa miraviravy tanana amin'ny fitadiavana vahaolana amin'ny olany. Ny vahaolana dia "avy any ivelany" any amin'ny lalatsaran'ny Firenena Mikambana na any amin'ny renivohitri'ireo ivon-kerin'ireo firenena Tavaratra. Izany koa dia tena mampalahelo. Raha tokony vahaolana no katsahina, dia fialantsiny no asesik'ireo mpitondra Afrikana. Andeha isika hijery ireo fialantsiny sasany izay rehefa mitambatra dia manome ny atao hoe "fahendrena eken'ny maro" raha ny mikasika ny fahatran'i Afrika no jerena.

## Ny fanjanahan-tany

Maro ireo mpitondra Afrikana no milaza fa ny olana aty Afrika dia vokatry ny fanjanahantany. Tamin'ny andron'ny fanjanahantany dia nisy fomba fitenenana ny amin'i Afrika manao hoe: "Ny lalana rehetra dia mitondra mankany amin'ny morontsiraka avokoa." Ireo mpanjanaka mantsy dia mandroba ny haren'ny kaontinanta, maka ny loharanon-karena sarobidin'i Afrika hatraty anatin'y mankany amin'ny morontsiraka ary avy eo amin'ny sambo mankany Eropa. Tsy azo lavina fa tena nanana anjara toerana mampalahelo tamin'ny famolavolana ny tantaran'i Afrika ankehitriny ny fanjanahantany, anisan'izany ny fanjakazakana natao tamin' ny loharanokarena, ny fanandevozana, ny famorona na ny sisitany artifisialey. Saingy ny tsy fijerena afa tsy ny fanjanahantany irery ho anton'ny fahantran'i Afrika ankehitriny dia fanekeha ho andevozin'ny lasa.

Mifanohitra amin'ny fahendrena eken'ny maro, tsy hoe satria